

## Tatitra momba ny Zon'olombelona 2010

<http://www.antananarivo.usembassy.gov/political-and-economical/2010-m/car-human-rights-report-mlg.html>

Madagasikara, izay ahitana mponina maherin'ny 20 tapitriza, dia ahitana mpitondra sivily sady tsy voafidy no tsy ara-dalàna izay naka ny fitondrana rehefa nampian'ny tafika tamin'ny fanonganam-panjakana nitranga ny volana Martsa 2009. Nosoloran'i Andry Nirina Rajoelina ny anarana hoe Filohan'ny Tetezamita, izy no nitarika ilay vondrona mpanao politika samihafa tao amin'ny antoko mpanohitra teo aloha, ary mikasa hitana izany toerana izany izy mandra-pahavitan'izay fifidianana hisy eo.

Hatramin'ny nitrangan'ilay fanonganam-panjakana dia nialokaloka any ivelany ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana, izay voafidy tamin'ny fomba demokratika tamin'ny taona 2006; ary naato tamin'ny asany ny antenimiera. Tsy narahan'ny fitondrana ny fifanarahana niaraha-nikaon-doha tamin'ny Firaism-be Afrikana sy ny antoko politika eto an-toerana, ka tsy najorony ny fitondrana teteza-mita tokony hiandraikitra ny fididianana malalaka sy tsy misy teritory hahazoana fitondrana ara-dalàna.

Manambara hatrany ireo mpitarika ao amin'ny tafika fa tsy miankin-doha amin'ireo mpitondra ara-politika, na dia miharihary aza ny fanohanany ny mpifehy ny fitondrana tarihin-dRajoelina. Ny 17 Novambra ny mpifehy ny fitondrana nikarakara samy irery ny fitsapan-kevi-bahoaka momba ny lalàm-panorenana izay tsy nahazoana fankatoavana iraisam-pirenena.

Izany no nitarika ny vondrona manamboninahitra miaramila vitsivitsy hanandrana hanao fanonganam-panjakana, izay niravona ihany taorian'ny fifampidinhana naharitra telo andro ngarangidina. Nisy tranga nahitana mpikambana ao amin'ny mpitandro filaminana nanao zavatra tsy teo ambany fifehezan'ny manam-pahefana sivily.

Nisy tatitra momba ireto olana manaraka mikasika ny zon'olombelona ireto: fandatsahana aina tsy manara-dalàna sy fanararaotana hafa ataon'ny mpitandro filaminana; hamafin'ny fainana any am-ponja, indraindray nitarika fahafatesana; fisamborana sy fihazonana am-ponja tsy misy porofo; fotoana lava loatra iandrasana ny fotoam-pitsarana any am-ponja; sivana; fandrahonana sy fisamborana sy herisetra mianjady amin'ny mpanao gazety; faneriterena eo amin'ny fahalalahana'ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety ary ny favoriana; famefena ny zon'ny olom-pirenena hifidy ny mpitondra azy; kolikoly sy tsimatinamanota eo anivon'ny manam-pahefana; fanavakavahana ataon'ny fiaraha-monina sy herisetra mianjady amin'ny vehivavy, ary fanondranana vehivavy sy ankizy an-tsokosoko; fampiasana zaza tsy ampy taona, anisan'izany ny fampiasana zaza tsy ampy taona an-tery.

### FANAJANA NY ZON'OLOMBELONA

Fizarana 1 Fanajana ny maha-olombelona, anisan'izany ny fahalalahana manoloana ny:

#### a. *Fandatsahana aina tsy misy porofo na tsy manara-dalàna*

Nisy tatitra maro nilaza fa ny fitondrana na ny mpiasa ao aminy dia nahavanona fandatsahana aina tsy misy porofo na tsy manara-dalàna, nandritra ny fitondrana Ravalomanana (tamin'ny taona 2009) sy ny mpifehy ny fitondrana tarihin-Rajoelina (nandritra ny taona). Ny polisy sy zandary dia mbola nanohy nampiasa hery mahafaty ihany nandritra ny fanenjehana sy fisamborana olon-dratsy.

Ny 20 May ohatra, nandritra ny fihetsiketsehana nataon'ny Hetsiky ny Mpitontra Fivavahana (HMF), dia nisy fifanandrinana nitam-basy teo amin'ny zandary mpikomy tao amin'ny Force d'Intervention (FIGN) sy ny miaramilan'ny tafika niaraka tamin'ny Force d'Intervention Spéciale (FIS) avy tamin'ny mpifehy ny fitondrana, ka nitarika fahafatesan'ny mpitondra fivavahana iray, mpikambana iray tao amin'ny FIS, ary naharatrana olona am-polony sivily sy avy amin'ny tafika .

Tsy nisy fivoarana intsony ny toe-draharaha hatramin'ny fiafarany'ny taona.

Ny 22 Septambra, ny Force d'Intervention de la Police tao Toamasina dia nitifitra ka nahafaty olona roa voampanga ho nahavanona fanafihana mitam-piadiana, rehefa voalaza fa nitifitra ny polisy. Tsy nisy fivoarany intsony ny toe-draharaha hatramin'ny fiafarany'ny taona.

Ny 28 Aogositra ny Filoha teo aloha Ravalomanana dia notsaraina na tsy nanatrika ny fotoam-pitsarana azy aza (jugement par contumace), nomelohina ary voasazy hanao asa an-terivozona mandrapahafatiny noho ny

nitifiran'ny mpiambina ny Filoha ny mpanao fihetsiketsehana niisa farafahakeliny 30 nanoloana ny Lapan'Ambohitsorohitra tamin'ny volana Febroary 2009. Tsy nitsahatra nilaza Atoa Ravalomanana fa tsy manan-tsiny tamin'izany, na dia mbola nanao sesi-tany ny tenany tany Afrika Atsimo aza.

Tsy nisy fivoarana intsony ny toe-draharaha ny mikasika ireo fahafatesana hafa nitranga nandritra ny taona 2009 vokatry ny nataon'ny mpitandro filaminana: ny fahafatesan'ny olona niisa 150 hatramin'ny 300 nanerana ny firenena vokatry ny rotaka tamin'ny volana Janoary; ny fahafatesan'ny olona niisa 44 farafahakeliny tamin'ny volana Janoary raha tsy tafavoaka tao amin'ny trano fivarotana izay nirehitra tao Antananarivo; ny nahafaty ny tovolahy iray nanoloana ny biraon'ny fahitalavitra MBS tamin'ny volana Janoary; ary ny nahavoatifiry ny mpitandro filaminana ka nahafaty mpanao fihetsiketsehana roa tamin'ny volana Aprily.

Tsy nisy fivoarana intsony ny toe-draharaha ny mikasika ireo fipoahana madinidinika nisesy tao an-drenivohitra teo anelanelan'ny volana Aprily sy Aogositra 2009, izay nilazana fa ny mpanohitra mpomba an-dRavalomanana no tompon'antoka.

**b. Fanjavonana**

Ny 11 Novambra, Atoa isany Fetison Rakoto Andrianirina sy Zafilahy Stanislas, mpitarika ny vondrona mpanohitra notohanana'ny Filoha teo aloha Ravalomanana, sy ny Pastora Edouard Tsarahame, mpitarika ny vondrona mpanohitra notohanana'ny Filoha teo aloha Zafy, dia nosamborina satria nampangaina fa nanao fihetsiketsehana tsy nahazoana alàlana. Taty aoriania izy ireo dia nafindra tany amin'ny fonja hafa ary nony farany dia nohazonina tany amin'ny toerana tsy fantatra. Tsy nahazo alàlana hihaona tamin'izy ireo na ny mpisolo vava na ny fianakaviany azy avy, ary tsy nampahafantarina ny toerana nihazonana azy ireo teo anelanelan'ny 20 sy 25 Novambra. Nahemotra tamin'ny 23 Janoary 2011 ny fitsarana azy ireo satria tsy tonga nanatrika ny fitsarana azy ireo ny voampanga tamin'ny 23 Novambra izay daty voalohany tokony hitsarana azy ireo, na dia mbola voatana tany amin'ny toerana tsy fantatra aza izy ireo tamin'izay fotoana izay.

**c. Fampijaliana sy fampijaliana hafa na sazy hafa maneho habibiana, manetry ny hasina maha-olona na manetry ny maha-olombelona**

Ny lalàm-panorenana sy ny lalàna dia milaza fa tsy azo atao ny manohintohina ny vatana sy fahasalamana'ny olombelona; na izany aza anefa, nisy gadra sasany izay nampiharan'ny mpitandro filaminana herisetra arabatana sy ara-tsaina.

Ny 20 Novambra ohatra dia nosamborin'ny tafika mpomba ny fitondrana ny vondrona manam-boninahitra miaramila izay nikasa hanongam-panjakana nanomboka ny 17 Novambra.

Andro vitsivitsy taorian'ny nisamborana azy ireo dia nambara fa nahitana ratra ara-batana ny ankamaroan'ireo nitarika ilay fikasana hanongam-panjakana ary ny roa tamin'izy ireo, dia ny Jeneraly Raoelina sy ny Kolonely Coutiti, dia notandindomin'ny fahafatesana mihitsy noho ny vono nahazo azy. Ny 21 Novambra dia nanao tatitra ara-pahasalamana ny dokotera voalohany ao amin'ny fonjan'i Tsiafahy ka nilaza fa naratra mafy ny tarehy sy

tratran'ny Jeneraly Raoelina, izay natetika tsy nahatsiaro tena; heverina ho vokatry ny fampijaliana ara-batana nataon'ireo tompon'andraikitra nisambotra azy.

Ny Kolonely Andriamahoatra sy Jadifara, izay samy voarohirohy tao amin'ilay fikasana hanongam-panjakana ka voasambotra ny 20 Novambra, dia nanaovana fitiliana ara-pahasalamana ihany koa ny 21 Novambra ary nahitana porofo toa maneho fampijaliana ara-batana nataon'izay tompon'andraikitra nisambotra azy.

Ny 29 Aprily, dia nisy olona enina naratra raha notifiran'ny polisy tao Antsiranana ny andiana mpandevina nandalo nanoloana ny biraon'ny polisy tao afovoan-tanàna. Ireo mpandevina ireo dia nanao filaharana ho fanoherana ny nahafatesan'i Ninjaka Olivier, izay nambara fa maty noho ny daroka nataon'ny polisy taminy roa andro talohan'io. Tsy nisy fivoarana intsony ny toe-draharaha hatramin'ny fiafarany'ny taona.

Tsy nisy fivoarana intsony ny toe-draharaha nikasika ireto tranga manaraka ireto tamin'ny taona 2009: ny nihazonana am-ponja sy fampijaliana ny Pastora Lala Rasendrahafina tamin'ny volana Martsa; ny nisamborana'ny Komanda Charles Andrianatsoavina sy Lylison Rene Urbain ny parlemantera iray sy nikapohany azy tamin'ny poleta tamin'ny taona 2009; ary ny nitifiran'ny FIS ny tongotry ny vehivavy iray tao Antananarivo tamin'ny volana Septambra.

**Fiainana any anatin'ny fonja sy toerana fitànanana olo-meloka**

Henjana sy mety hitarika fahafatesana hatrany ny hasarotry ny fiainana any am-ponja nandritra ny nitondran-dRavalomanana sy Rajoelina. Mbola niteraka olana goavana hatrany ny fihoaran'ny isan'ny indray voafonja noho ny fahosan'ny rafi-pitsarana ary ny tsy fahatomombanan'ny foto-draftrasa any am-ponja; mbola nitohy hatrany ny fahelan'ny fotoana fihazonana am-ponja mandra-piandry ny fotoam-pitsarana.

Ny 11 Martsa, dia gadra niisa 1.424 izay efa mihoatra ny 70 taona no nahazo famotsoran-keloka avy amin'ny Filoha.

Tamin'ny volana Jona, ireo fonja miisa 83 manerana ny firenena dia nahitana gadra manodidina ny 18.647, izay ahitana vehivavy sy ankizivavy miisa manodidina ny 736 sy zazalahy miisa 424. Ny 7.964 amin'izy rehetra ireo dia mbola miandry ny fotoam-pitsarana azy.

Ny tsy fahampian-tsakafo, izay nahakasika ny roa am-pahatelon'ny voafonja any amin'ny fonja sasany, no antom-pahafatesana mateti-pitranga indrindra. Tamin'ny taona 2008 ny Ministeran'ny Fitsarana dia nametraka tanjona hampitomboana ny sakafon'ny voafonja isan'andro (matetika mangahazo maina, vary, na mangahazo lena) saingy tsy nisy fampiharana izany, ary vao mainka niharatsy ny toe-draharaha satria nihena ny tetibolan'ny Ministera noho ny disadisa politika sy ny fihantonan'ireo fanampiana sasany avy any ivelany. Nisy fianakaviana sy fikambanana tsy miankina niezaka nameno ny sakafonja isan'andro ho an'ny voafonja sasany.

Tamin'ny volana Jona sy Jolay ohatra dia voalaza fa efatra no maty tao amin'ny fonjan'i Taolagnaro noho ny tsy fahampian-tsakafo indrindra indrindra. Tamin'ny taona 2009 dia 34 no voalaza fa namoy ny ainy nandritra ny 10 volana voalohany. Nanambara anefa ny fikambanana tsy miankina sy ny mpampahalala vaovao sasany fa ambony lavitra be noho io ny isa tena marina.

Noho ny tsy fahampian-tsakafo, izay nifangaro tamin'ny tsy fahatomombanan'ny fahadiovana, dia nanjary mora narary sy voan'ny areti-mifindra ireo voafonja. Noho ny fiharatsian'ny foto-draftrasan'ny fonja ihany koa -- toy ny tsy fahampian'ny fitaovana fanadiovana sy ny rano madio -- dia maro no voan'ny aretin-koditra, voakaikiry ny bibikely ary niharan'ny aretina maro hafa. Voafetra ny fahazoana fitsaboana ara-pahasalamana, saingy nisy fikambanana tsy miankina nilaza fa nahita fahombiazana voafetra ihany teo amin'ny lahasa fitsaboana tany anivon'ny fonja vitsivitsy tany amin'ny tapany avaratry ny nosy. Tsy tomombana, ary zara fa misy aza, ny fitaovana fampidirana rivotra madio, fanazavana, na fifehezana ny mari-pàna tany amin'ireo fonja.

Nisy ny mpitontra fivavahana sy fikambanana tsy miankina sasany izay nilaza fa mateti-pitranga any am-ponja ny fanolanana ary matetika ny mpiambina fonja sy ny voafonja sasany no manao fanolanana mba hanalana baraka ny voafonja sasany. Nisy fikambanana hafa kosa nanamarika fa na dia mahalana aza no mitranga ny fanolanana, dia misy indray voafonja mivaro-tena ao am-ponja mba hividianany sakafonja.

Nisaraka ny voafonja lahy sy vavy. Nisy faritra manokana ho an'ny vehivavy tao amin'ny fonjabe, ary misy fonja manokana ho an'ny vehivavy any Manjakandriana. Indraindray dia tafaraka amin'ny voafonja rehetra ireo mbola tsy ampy taona, ary nisy zazakely tsy mbola mianatra no niaraka tamin-dreniny tany am-ponja. Nisy gadra politika roa farafahakeliny voarara tsy hivoaka ny tranony fa tsy natambatra tamin'ny voafonja hafa, fa ny ankamaroany kosa dia tany am-ponja ihany tamin'ny ankapobeny. Mahalana no navahana ireo voafonja mbola miandry ny fotoam-pitsarany sy ny efa manefasy.

Ny gadra sy voafonja dia azon'ny fianakaviana novangiana ary manan-jo hanatrika fotoam-pivavahana, na dia mafy loatra aza ny fiainana any am-ponja ka sarotra ny mandray mpamangy na manatrika fotoam-pivavahana.

Tsy nisy andàlana manome alàlana mpanelanelana hisolo toerana gadra na voafonja.

Tsy nisy tatitra nilaza fa nomen'ny fitondrana alàlana ny gadra sy ny voafonja hanao fitarainana amin'ny tompon'andraikitra ara-pitsarana momba izay fanetrena ny hasina maha-olona mianjady amin'izy ireo, na nilaza fa nanao fanadihadiana na fanarahama-maso ny fonja sy ny fiainana any am-ponja ny fitondrana, na nandray fepetra hanatsarana izany rehetra izany.

Tamin'ny ankapobeny dia navelan'ny fitondrana hanara-maso ny fiainana any am-ponja ny Komity Iraisam-pirenен'ny Vokovoko Mena (CICR), ny fikambanana tsy miankina maro, ary ny misiona diplomatika sasany, ary nisy ny fitsidihana toa izany. Nandritra ny taona ny CICR dia matetika no nanao fitsidihana tany amin'ny

tsirairay avy tamin'ireo fonja 30 lehibe indrindra manerana ny nosy, sady niresaka tamin'ireo voafonja, araka ny fomba fiasa mifehy ny CICR. Neken'ny Fitondrana ny fitsidihan'ny CICR voafonja miandry fotoam-pitsarana sy ireo notanana am-ponja vonjimaika, rehefa nilaina izany.

Na dia teo aza ny famatsiam-bola avy tamin'ny Vondrona Europeana izay nafantoka tamin'ny fanatsarana ny fiainana any am-ponja, dia tsy nisy ezaka re fa nataon'ny fitondrana hanatratra izany tanjona izany nandritra ny taona.

**d. Fisamborana na fihazonana am-ponja tsy misy porofa**

Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa manan-jò hotsaraina ny olona voampanga ho nahavita heloka, na izany aza anefa dia nisy fotoana tsy nanarahan'ny fitondrana an'izany teo am-panatontosana ny asany. Navelan'ny fitondrana hitranga ny fisamborana noho ny fiampangana manjavozavo ary nisy ny olona notanana am-ponja naharitra nefo tsy nisy fitsarana. Niakatra be tampoka ny isan'ny fitanana olona am-ponja noho ny antony politika na taloha na taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009; mbola iadiana hevitra ny tena isany ankehitriny, fa hatreto aloha dia mbola any am-ponja ny ankamaroan'ireo voasambotra hatramin'ny volana Martsa (jereo ny fizarana 1.e. sy 2.a.).

Ny 23 Novambra dia nosamborin'ny mpitandro filaminana ny mpitsara iray tao amin'ny Fitsarana Iraisam-pirenena teo aloha, Atoa Raymond Ranjeva, sy ny zanany vavy izay nitondra vohoka, raha nampangainy Atoa Ranjeva ho voarohirohy tamin'ilay fikasana hanongam-panjakana tamin'ny 17 Novambra. Ora vitsy taorian'izay dia navoakan'izy ireo Atoa Ranjeva rehefa nandoa antoka, saingy ny zanany vavy kosa dia mbola voatazona satria voalaza fa nanaraby mpitandro filaminana ary nahazo sazy mihantona iray volana ny 30 Novambra.

Nandritra ny fihetsiketsehana tao Analakely tamin'ny volana Martsa dia nosamborina ny mpitarika hetsika politika sy ara-pivavahana Charles sy Kathy Hilaire noho ny "fanohintohinana ny fiandardianam-pirenena" raha nahitana trakta momba ny HMF tao anatin'ny fiaran'izy ireo. Navela nody izy ireo rehefa vita ny fanadihadiana; na izany aza, mpanao fihetsiketsehana tsotra manodidina ny 50 no voalaza fa voasambotra tao anatin'izany hetsika izany ary mbola any am-ponja miandry ny fotoam-pitsarana azy hatrany amin'ny fiafarany taona.

Ny 15 May dia voasambotra tamin'ny fomba feno herisetra Atoa Ambroise Ravonison, mpanao politika mpanohitra, raha nandray anjara tamin'ny fandaharana tao amin'ny onjam-peo iray. Naratra tao anatin'izany koa ny mpandray anjara roa hafa tamin'ilay fandaharana sy ny olona telo mpiasa tao amin'ilay onjam-peo, ary potika avokoa ny fitaovana tao amin'ilay onjam-peo. Nahazo fahafahana vonjimaika Atoa Ravonison, izay mizaka ny zom-pirenena Frantsay koa, ary dia nandositra any ivelany.

Tsy nisy fepetra noraisina mikasika izany fandravana fananana izany hatramin'ny fiafarany taona. Nisy mpanao gazety voasambotra (jereo ny fizarana 2.a.).

Ny Senatera Eliane, izay voasambotra tamin'ny volana Septambra 2009 noho ny nanatrehany favoriana tsy nahazoana alàlana sy nahasimbana fananam-bahoaka, dia nandao ny firenena. Hatrany amin'ny fiafarany ny taona, dia voalaza fa mbola nijanona any ivelany ny tenany ka manaparitaka vaovao momba ny tsy fanajan'ny mpifehy ny fitondrana ny zon'olombelona.

**Anjara asan'ny polisy sy ny mpitandro ny filaminana**

Ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka no mifehy ny Polisim-pirenena, ny Zandarimariam-pirenena ary ny mpiaro ny morontsiraka, ka miantoka ny fanarahan-dalàna sy ny filaminana an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra. Taloha dia ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena no nifehy ny Zandarimariam-pirenena.

Olana ho an'ny Polisim-pirenena sy ny Zandarimaria ny tsy fahampian'ny fiofanana sy ny fitaovana, ny hakelin'ny karama raisiny, ary ny fihankaly ny kolikoly. Noho ny tsy fahampiana lava teo amin'ny teti-bola sy ny fikorontanan'ny rafitra ho an'ny mpibaiko dia nihena be ny fahafahan'ny mpitandro ny filaminana niisa mahomby nanoloana ny korontana nanomboka ny volana Janoary 2009.

Tany amin'ny volana April 2009 ny mpitandro filaminana teo ambany fifehezan'ny fitondrana eo an-toerana no nanomboka nahomby tamin'ny fifehezana ireo fihetsiketsehana tao an-drenivohitra, ka nihena ny herisetra.

Noho ny namoronana ny CNME tamin'ny volana Martsa 2009, izay novena anarana ho Force d'Intervention Spéciale (FIS) taty aoriana, dia nihena ny fahefan'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, satria nanomboka nisambatra olona ambony nosamboriny tany ivelan'ny rafi-pitsarana ara-dalàna, teo ambandy fitarihan'ny Komanda Charles Andrianatsoavina sy Lylison Rene Urbain.

Nampiasa hery tafahoatra hatrany ny mpitandro ny filaminana nandritra ny fisamborana sy ny fifehezana na fanaparitahana mpanao fihetsiketsehana, ka nampiasa baomba mandatsa-dranomaso, grenade mahajambena ary fitifirana tsotra izao.

Tsy misy rafitra maty paika nipetraka ho an'ny fanadihadiana ny fanararaotana ataon'ny mpitandro filaminana. Na izany aza, azon'izay niharan'izany atao ny manao fitarainana any amin'ny fitsarana. Mahalana anefa no mba nisy nanao fitarainana toa izany.

#### **Fomba fisamborana sy fitondrana ny voatazona am-ponja**

Na dia voalazan'ny lalàna aza fa ilaina amin'ny fotoana rehetra ny didy fisamborana, ankoatry ny fisamborana taorian'ny fifanenjehana mivantana; dia mbola nisy ihany olona voatazona sy voafonja noho ny fiampangan'olon-tsotra na noho ny firehana ara-politika.

Manan-jò haka mpisolo vava sy hahfantatra ny heloka iampangana azy ny voampanga, ary izay tsy afaka manakarama mpisolo vava dia mahazo mpisolo vava avy amin'ny fanjakana.

Na izany aza anefa, maro ny olom-pirenena tsy nahafantatra izany zony izany, ary misy ireo mahafantatra saingy tsy mahasahy mangataka mpisolo vava. Manan-jo hampahantarina ny heloka iampangana azy ny voampanga, saingy mazàna no tsy voahaja izany zo izany. Misy ny fahafahana vonjimaika, izay miankina amin'ny hasarotry ny fandikan-dalàna nitranga.

Matetika ny mpitsara no nampiasa ny "Mandat de dépôt" izay ihazonana ny voampanga any am-ponja mandrapitsara azy. Ny lalàna no mamaritra ny faharetan'ny fotoana iandrasana ny fotoam-pitsarana any am-ponja sy fomba fampiasana ny mandat de dépôt, anisan'izany ny fitsipika mametra ny faharetan'ny fihazonana am-ponja arakaraka ny heloka iampangana, ka amin'ny ankaboney dia valo volana farafahaelany ho an'ny heloka bevava.

Tamin'ny ankaboney dia azon'ny fianakavian'ny voafonja natao avy hatrany ny namangy azy ireo; nisy anefa ny voafonja, toa ireo nohazonina tany amin'ny toerana mihataka, na ireo gadra politika, tsy dia afaka nifanerasera loatra.

Nitatitra ny Ministeran'ny Fitsarana fa manodidina ny 50 isan-jaton'ny voafonja rehetra no eo am-piandrasana ny fitsarana azy.

Ambaran'ny lalàna fa izay olona voarohirohy amin'ny heloka iray dia tsy maintsy ampangaina na afahana ao anatin'ny 48 ora; saingy nisy olona notànan'ny fanjakana nandritra ny fotoana nihoatra lavitra noho izany vao nampangainy na nafahany.

Noho ny tsy fahatomombanan'ny fitehirizana ny antontan-taratasy, ny fahanteran'ny rafi-pitsarana izay mihazona ny olona mandra-piandry ny fotoam-pitsarana azy ka tsy anavahana ny hasarotry ny fandikan-dalàna, ny tsy fahampian'ny isan'ny mpitsara manoloana ny isan'ny mponina, ny tsy fahampian'ny fitaovana, ary ny haratsin'ny làlana mankany amin'ny faritra sasany eo amin'ny firenena, dia vao mainka nitombo ny fahelan'ny fotoana iandrasana ny fotoam-pitsarana; izay mety haharitra andro vitsivitsy hatramin'ny taona vitsivitsy.

Maro ny voafonja no voatana mandritra ny fotoana maharitra noho nny sazy ambony indrindra mifandraika amin'ny fandikan-dalàna nisamborana azy.

#### **Famotsoran-keloka**

Ny 11 Martsa dia nisy famotsoran-keloka nataon'ny filoha ka hamotsorana ny gadra niisa 1.424 izay efa nihoatra ny 70 taona.

Araka ny satan'ny Tetezamita vita Sonia ny 9 Aogositra, dia nifanaraka ireo firehana efatra tena misongadina

eto amin'ny firenena fa hametraka rindran-damina ho an'ny famotsoran-keloka ho an'ireo hetsika politika hatramin'ny taona 2002 ka hatramin'ny 2009. Tamin'ny volana Desambra anefa dia nofoanan-dRajoelina tamin'ny fomba ofisialy izany sata izany, ka foana niaraka tamin'izay ny fifanarahana nisy momba ny famotsoran-keloka mandritra ny fitondrana tetezamita.

Fotoana fohy taorian'ny nandraisany ny fitondrana tamin'ny volana Martsa, dia navoakan'ny fitondran-dRajoelina sady namoahany didy fanafoanan-tsazy ny olona niisa 48 nolazainy fa "gadra politika," izay nigadra nandritra ny fitondran-dRavalomanana. Tsy mbola nahazo famotsoran-keloka avy tamin'ny filoha ny roapolo tamin'ireo gadra ireo, hany ka zara raha notànana tsy hivoaka ny tranony fotsiny.

Tafiditra tao anatin'izany ny olona sasany nahavita heloka tsy nisy nifandraisany tamin'ny politika, toy ny vono olona sy fanitsakitsahana ny zon'olombelona tamin'ny fomba ratsy nandritra ny disadisa tany aloha tany.

Nisongadina indrindra tamin'izany ny Lieutenant Colonel Assolant Coutiti, izay voaheloka tamin'ny taona 2004 noho ny nampijaliany olona nandritra ny disadisa politika tamin'ny taona 2002, ankoatry ny fiampangana talohan'izay noho ny nisamborany sy namonoany olona noho ny antony politika nandritra izany disadisa izany ihany.

Rehefa nampiaka-peo nanohitra izany famotsorana olo-meloka izany ny maro, dia natsahatry ny fitondran-dRajoelina ny famoahana gadra izay voatana talohan'ny disadisa politika ankehitriny. Maro ireo mpanohitra voasambotra nandritra ny taona no navotsotra tamin'ny volana Aogositra 2009 ho fanehoana ny fahavononana hampihatra ny Satan'ny Tetezamita.

Nahazo tsikera anefa izany famotsorana izany satria nasaina nanao Sonia taratasy ireo olona navotsotra, hoe tsy handray anjara amin'ny hetsika ara-politika intsony.

#### **e. Fandavana ny fitsarana tsy mitanila sy ampahibemaso**

Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa mahaleo tena ny fitsarana; na izany aza anefa, hita fa voabaikon'ny fahefana mpanatanteraka ny sehatra rehetra eo amin'ny fahefana mpitsara, sady mbola olana goavana ny kolikoly. Vao maika nihasarotra ny toe-draharaha nandritra ny fitondrana ankehitriny, ary nampiasaina na narantiranty hatrany ny fandrahonana isaky ny nisy fanapahan-kevitra goavana horaisina hatramin'ny volana Martsa 2009.

Noho ny tsy fision'ny fahefana mpanao lalàna mahefa dia didy hitsivolana hatrany no nampiasain'ny mpifehy ny fitondrana, ka tsy misy manara-maso ny fahefana mpanatanteraka.

Ambaran'ny Minisitry ny Fitsarana amin'ny mpampahalala vaovao hatrany ny heviny momba ny raharaha arapitsarana goavana, alohan'ny hivoahan'ny fanapahan-kevitra mitovy amin'izany avy ao amin'ny fitsarana.

Ny fitsarana miaramila dia natokana hitsara ireo miaramila, ary nitovy amin'ny fitsarana sivily ihany ny fizotran'ny fitsarana ao aminy tamin'ny ankapobeny, saingy ahitana miaramila ao anatin'ny "jury".

Afaka mangataka ny hanaoanana ny didy nivoaka ny miaramila voampanga ary tamin'ny ankapobeny dia nitovy tamin'ny sivily ny zon'izy ireo, na dia tsy azon'ny besinimaro atrehina aza ny fotoam-pitsarana azy ireo. Mpitsara sivily, izay matetika ampi'an'ny "jury" ahitana manam-boninahitra miaramila, no mitarika ny fitsarana miaramila.

Ambaran'ny Lalàm-panorenana fa manan-jò hiaro ny fananany sy ny filaminam-bahoaka ao anatiny ny tanàna kely tsirairay. Nampiharina tany amin'ny tanàna madinika sasany ny fitsarana tsy ofisialy najoron'ny fieraha-monina, nantsoina hoe « Dina », mba hitsarana ny ady heloka tsotra eo amin'ny samy tanàna madinika, mikasika ny halatr'omby ohatra. Nahazo tsikera ity rafitra ity noho ny tsy fanajana ny zon'olombelona, indrindra noho tsy fision'ny fitsarana tsy miangatra alohan'ny hampiharana sazy henjana mihoatra lavitra ny ara-dalàna.

#### **Fizotry ny fitsarana**

Voalazan'ny lalàna fa heverina ho tsy meloka aloha ny voampanga; matetika anefa no natao tsinontsinona izany foto-kevitra izany. Ambaran'ny lalàm-panorenana sy ny lalàna fa ny voampanga dia manan-jo hiaro tena tanteraka eo amin'ny dingan'ny fitsarana rehetra, ary azon'ny besinimaro atrehina ny fotoam-pitsarana. Na dia

ambaran'ny lalàna aza fa azo ampiasaina amin'ny raharaha-pitsarana rehetra ny jury, dia amin'ny ady mahakasika ny asa ihany no nampiasaina izy ireny.

Ny voampanga dia manan-jo hanatrika ny fotoana fitsarana azy, hahafantatra ny iampangana azy, hiantso sy hampifanatrika vavolombelona, ary hanolotra porofo. Andraikitrity ny fitondrana ny manome mpisolvava ho an'izay voampanga ho nahavita heloka nefo tsy manam-bola hiantsoana mpisolvava; na izany aza anefa dia vitsy ny olona no nahafantatra izany zony izany. Azon'ny mpisolvava jerena ny porofo eo an-tànan'ny fitondrana, saingy tsy manana izany zo izany ny voampanga tsy manana mpisolvava. Manan-jo hampiakatra fitsarana ambony koa ny voampanga nahazo didy fanamelohana.

Ambaran'ny lalàna fa mitovy zo ny olom-pirenena rehetra tsy an-kanavaka; na izany aza, matetika no voahitsakitsaka ireo zo ireo, satria nitohy ny fihazonan'ny fitondrana eo an-toerana ny fanagadrana herinandro maromaro ny olona ahiahiana nefo tsy misy fiampangana mazava, ny fampihemorana ny fanadihadiana nefo tsy ahazoana fivoahana vonjimaika ny fonja.

Ohatra, tamin'ny volana Jona 2009 no notsaraina ny Filoha teo aloha Ravalomanana (izay tsy nanatrika ny fotoam-pitsarana azy) ary voaheloka ho an'ny nambara fa fanararaotam-pahefana nandritra ny fitondrany; taty aoriana dia nanambara ny tenany fa tsy fantany akory ny fisian'ilay fotoam-pitsarana ny tenany.

Ny volana Aogositra ny Fitsarana heloka bevava tao Antananarivo no nanameloka an'Atoa Ravalomanana (izay tsy nanatrika ny fotoam-pitsarana azy) noho ny filazana fa nahavoaroiroz azy tamin'ny vono olona nanoloana ny Lapan'ny Filoha tamin'ny volana Febrero 2009; ka nanasazy azy hanao asa an-terivozona mandrapahafatiny. Hatrany amin'ny fiafaran'ny taona dia mbola nanao sesitany ny tenany tany Afrika Atsimo Atoa Ravalomanana.

### **Gadra politika**

Tsy nisy tarehimarika mazava momba ny gadra politika, saingy mpanao politika malaza maro no nigadra nandritra ny fitondran-dRavalomanana, ary ny ankamaroan'izy ireo dia navotsotra tamin'ny taona 2009 nefo tsy nojerena na nifangaro heloka bevava ny nitazonana azy ireo am-ponja, ankoatry ny fironana politika.

Tamin'ny volana Jolay dia nisy tompon'andraikitra tao amin'ny Ministeran'ny Fitsarana nilaza fa hatramin'ny taona 2009 dia nahatratra 102 ny isan'ireo "gadra politika" nohazonin'ny mpifehy ny fitondrana vonjimaika, ka ny ankamaroan'ireo tranga ireo dia tsy nisy na zara fa nisy porofo milaza heloka bevava na fandikan-dalàna tsotra. Vokatr'izany, nisy ireo nafahana vonjimaika na nalefa nody tsy nisy arakaraka. Nambaran'ny mpitarika ny mpanohitra fa olona am-polony maro hafa ihany koa no voatazona tsy nisy fitsarana mazava, noho ny fandraisany anjara tamin'ny hetsika politika, na dia tsy nisy antsipiriham-baovao mazava aza mikasika azy ireo.

Ny 18 Aprily dia voalaza fa nitokona tsy nety nihinan-kanina ny gadra politika tao amin'ny fonjan'i Tsiafahy, ho fitakiana ny fijerena indray ny raharahan'izy ireo sy hahazoany fahafahana vonjimaika. Tsy nisy fepetra noraisin'ny manam-pahefana.

Ny 15 Jona dia voasambotra Atoa Manoela rehefa avy nandray anjara fitenenana nandritra ny hetsiky ny antoko mpanohitra tao amin'ny Magro. Ny 12 Jolay dia nampangan'ny fitsarana heloka bevava ho nahavita fandikan-dalàna niisa sivy Atoa Manoela, anisan'izany ny "faniratsirana manamboninahitra polisy" ary voasazy telo volana an-tranomaizina. Navotsotra izy taty aoriana.

Tsy nisy fivoarana intsony ny mikasika ireto toe-drahahaha manaraka nitranga tamin'ny taona 2009 ireto, momba ny gadra politika: ny fisamborana an'Atoa Ralitera Andrianandraina tamin'ny volana Aprily, tompon'andraikitrity ny fiarovana tao amin'ny Fitsarana Avon'ny Lalàm-panorenana teo aloha, noho ny filazana azy ho voaroiroz tamin'ny fikasana hamono an'Atoa Rajoelina, sy ny fisamborana an-dRtoa Lalaharinoro Rabemananjara, mpisolo vava, tamin'ny volana Aogositra noho ny nilazana azy fa voaroiroz tamin'ireo baomba nipoaka nandritra ny volana Jona sy Jolay.

Sarotra ny nanasokajy ny ankamaroan'ireo voafonja noho ny vokatry ny kolikoly sy ny fandrahonana ao anivon'ny fitsarana. Tamin'ny ankapobeny dia nitovy tamin'ireo voafonja hafa ny fitondrana ireo gadra politika ireo, ary nahazo alàlana hitsidika azy ireo ny fikambanana iraisam-pirenena mpanao soa isan-karazany.

Fitsarana sivily sy fikarohana onitra

Takon'ny kolikoly sy ny fanjakazakan'ny mpanao politika ny maha-mahaleo tena sy tsy miankina ny fitsarana, araka ny hita taorian'ny fanadihadian'ny BIANCO sy ny fahitan'ny olona azy ankapobeny. Ny fitsarana no misahana ny ady heloka sivily rehetra, toy ny raharaha mahakasika ny zon'olombelona. Na izany aza dia tojo fahasahiranana ny firenena teo amin'ny fampiharana ny didim-pitsarana sivily sasantsasany.

**f. Fidirana tsy ara-dalàna amin'ny fiainana manokana, fiainam-pianakaviana, tokatrano, na fifandraisana**

Voararan'ny lalàna ny toa izany, saingy nisy tokatrano sy birao fiasan'ny vondrona mpanohitra sasany niharan'ny fisavana tsy nahazoana alàlana. Ny 23 Novambra, dia nosamborin'ny mpitandro filaminana ny zanaka vavin'Atoa Raymond Ranjeva, ary nosavany ny tranony, noho ny fiampangana an'Atoa Ranjeva ho voarohirohy tamin'ilay fikasana hanongam-panjakana tamin'ny 17 Novambra.

Nasaina nitolo-batana hono Atoa Ranjeva raha tiany ho afaka ny zanany vavy, izay nitondra vohoka. Nanaiky Atoa Ranjeva saingy nalefa nody ora vitsy taorian'izany, saingy ny zanany vavy kosa mbola voatazona satria hono naniratsira mpitandro filaminana; ary ny 30 Novambra izy no nahazo sazy mihantona iray volana an-tranomaizina (jereo ny fizarana 1.d.).

**Fizarana 2** Fanajana ny fahalahahana sivily, toy ny:

**a. Fahalahahan'ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety**

Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa malalaka ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety, saingy na ny fitondrana na ny vondrona samihafa tsy miankina amin'ny fitondrana dia samy niezaka nampangina ny tsikera politika tamin'ny alàlan'ny fandrahonana sy herisetra tamin'ny mpanao gazety, ny tompon'ny orinasa mpampahalala vaovao sy ireo fitaovana fampahalalam-baovao.

Maro ny mpanao gazety nogadraina, ary nisy ny mpitandro filaminana nirahin'ny fitondrana hanafika ny tokatranon'ny tonia na ny tompon'ny orinasa mpampahalala vaovao sasany.

Araka ny tatitra navoakan'ny fikambanana tsy miankina iraisam-pirenena Freedom House mikasika ny fahalahahan'ny asa fanaovan-gazety eto amin'ny firenena dia voasokajy ho "tsy malalaka" izany, izay hoe nilatsaka raha ampitahaina amin'ny taon-dasa, izay nahavoasokajy ny firenena ho "malalaka amin'ny ampahany." Nomarihan'ny tatitra fa "na ny an-daniny na ny an-kilany no teo amin'ny fitondrana dia samy nanao tsinontsinona ny voalazan'ny Lalàm-panorenana ho fiarovana ny fahalahahan'ny asa fanaovan-gazety, ka nampiasa ny fampijaliana an-kolaka, fandrahonana ary ny sivana mba hanelingelenana ny asan'ny mpampahalala vaovao. Vokatr'izay, nanjary niandany be loatra ny fomba fitantaran'ny mpanao gazety ny zava-nitranga, ary nihavitsy ny karazan-kevitra naseho."

Ny 8 Janoary dia voasambotra Atoa isany Didier Ravoahangison sy Lolo Ratsimba, mpanao gazety tao amin'ny Radio Fahazavana, onjam-peon'ny FJKM, ary nalefa tany am-ponja raha nampangina ho nanao fanakorontanana politika noho ny voalaza fa nahavoaroirov azy ireo tamin'ny fikomiana nitranga tamin'ny volana Desambra 2009. Nahazo fahafahana vonjimaika izy ireo tamin'ny 15 Febroary ary niandry ny fotoam-pitsarana azy ireo hatrany amin'ny fiafarany'ny taona.

Ny 31 Martsa, dia nisy mpanao gazety iray tao amin'ny Radio Feon'Imerina voasambotra rehefa nilaza ny Praminisiry ny mpifehy ny fitondrana fa hosaziana izay olona "nitarika korontana" teny Ambohijatovo tamin'ny 29 Martsa. Ny androtr'io ihany dia navotsotra ilay mpanao gazety.

Ny 20 May dia nakatona ny Radio Fahazavana ary nosamborina ny mpiasa 10 tao aminy—mpanao gazety enina sy teknisiana efatra – satria nampangina ho nikasa hanohintohina ny fiandrianam-pirenena sy hampirisika fikomiana. Nafahana vonjimaika izy ireo ny 8 Septambra ary mbola niandry ny fotoam-pitsarana azy ireo hatrany amin'ny fiafarany'ny taona.

Ny 8 Aogositra, dia nisy tompon'andraikitra tao amin'ny Ministeran'ny Serasera sy polisy avy tao an-toerana nanakatona vonjimaika ny Radio Mahafaly tao Antsirabe. Mpiara-miasa akaiky tamin'ny Filoha teo aloha Ravalomanana no tompon'io onjam-peo io. Hatrany amin'ny fiafarany'ny taona dia mbola nanan-kery izany fanakatonana vonjimaika izany.

Ny 30 Septambra, araka ny baikon'ny Ministeran'ny Serasera, dia nakaton'ny tompon'andraikitra tao amin'ny ministera sy ny mpitandro ny filaminana ny Radio Fototra, izay an'ny antoko maitso Hasin'I Madagasikara.

Taorian'ilay fikasana hanongam-panjakana tamin'ny 17 Novambra, dia nandefasan'ny fitondrana taratasy fampitandremana ny Ma-TV, TV Plus, sy onjam-pero roa hafa noho ny nampitain'ireto farany ny fanambarana nataon'ireo mpitarika ilay fikasana hanongam-panjakana.

Toa manambara ilay taratasy fa ny fampitana vaovao mety hidika fanoherana ny fitondrana na fitakiana ny fialan'ny mpitontra – izany hoe ny fiafaran'ny teteza-mita – dia azo neverina ho fanohintohinana ny filaminam-bahoaka sy ny fiarovana ka mety hitarika fampiatoana na fisintonana ankitsirano ny fahazoan-dàlana hampita vaovao.

Niisa 13 ny gazety mpiseho isan'andro tsy miankina nisongadina ary nisy ireo gazety tsy miankina maro hafa nanenika ny firenena na teo amin'ny toerana iray voafaritra, izay nahalana kokoa ny fivoahany.

Talohan'ny volana Martsa dia ny gazety Le Quotidien, izay an'ny Filoha teo aloha, no nampivoitra indrindra ny foto-kevity ny fitondrana; hatramin'ny Martsa kosa dia ny gazety La Vérité sy La Gazette de la Grande Ile no akaiky indrindra ny mpifehy ny fitondrana.

Mbola nanan-kery hatrany amin'ny fiafaran'ny taona ny fanakatonana hatramin'ny taona 2009, noho ny antony politika, ny fampitam-baovaon'ny antoko mpanohitra, toy ny Radio Mada.

Mba tsy hahavery ny loharanom-baovaon'ny mpanao gazety sy ho fiarovany ny momba azy manokana, dia nanao sivana ny tenany izy ireo, ary onjam-peo tsy miankina maro no lasa nifototra kokoa tamin'ny fandaharana idiran'ny mpihaino mivantana mba tsy ho voafatotra amin'ny vontoatin'ny fandaharana vokariny. Fahalalahana fampiasana ny Internet

Tsy noferan'ny Fitondrana ny fijerena ny Internet tamin'ny ankapobeny, ary tsy nisy tatitra nilaza fa narahin'ny Fitondrana maso ny fampiasana ny mailaka na ny sehatra fifanakalozan'ny mpampiasa ny Internet (chatroom). Azon'ny isam-batan'olona sy ny vondrona isan-karazany natao ny naneho hevitra tam-pilaminana tamin'ny alàlan'ny Internet sy ny mailaka.

Tany amin'ny faritra an-drenivohitra anefa no tena nahafahana nampiasa ny Internet; satria tsy mba misy ny teknolojia manaraka ny toetr'andro sy ireo foto-draftrasa nilaina ho amin'izany tany ambanivohitra. Araka ny antontan'isa navoakan'ny Vondrona Iraisam-pirenena momba ny Fifandraisan-davitra tamin'ny 2009, dia manodidina ny 1,63 isan-jaton'ny mponina eto amin'ny nosy no nampiasa ny Internet.

Nampiasa be ny Internet ny vondrona politika sy ny mpitolona isan-karazany mba hanitarana ny ambaindain'ny fandaharany, hizarana vaovao, ary hitsikerana antoko hafa. Na dia nifampiampanga aza ny sasany nandritra ny taona fa misy misompatra ny tranon-kalany, dia azo ambara fa anisan'ny loharanom-baovao azo antoka indrindra ny Internet satria maro tamin'ireo tranon-kala nisy no niforona tany ivelany ka tsy voafehin'ny fanjakana.

### **Fahalalahana akademika sy hetsika ara-kolotsaina**

Tsy nahitana sakantsakana avy amin'ny Fitondrana mihitsy ny fahalalahana akademika sy ny hetsika ara-kolotsaina.

#### ***b. Fahalalahana hivory am-pilaminana sy hanangana fikambanana***

##### ***Fahalalahana hivory***

Voalazan'ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna fa malalaka ny fivoriana am-pilaminana; saingy voahelingelina izay tsy izy izany zo izany nandritra ny taona. Tsy nitsahatra ny fisakanan'ny Fitondrana sy ny mpitandro filaminana

ny fivoriana nokarakarain'ny mpanohitra nanerana ny firenena. Noraran'ny mpifehy ny fitondrana ihany koa ny fihetsiketsehana nandritra ny vanim-potoan'ny fety (Noely hatramin'ny Taom-baovao) sy nandritra ny fidianana (amin'ny andron'ny fidianana hatramin'ny fotoana amoahana ny voka-pifidianana).

Voarara hatrany ny vondrona mpanohitra tsy hanao hetsika politika tao Antananarivo. Ny 26 Oktobra dia nandefo taratasy tany amin'ny ben'ny tanàna notendren'ny filoha sy ny lehiben'ny polisy tao Antananarivo ny vondrona mpanohitra ka nangataka fanazavana ny tsy nanomezana alàlana azy ireo hanao hetsika tany amin'ny toerana ankalamajana telo tao Antananarivo ny 28 hatramin'ny 30 Oktobra.

Nohamafisin'ny mpitarika ny mpanohitra fa tsy nisy nampiasa ireo toerana ireo tamin'ny daty nangatahin'izy ireo saingy tsy nahazoana alàlana hatrany. Nanandrana nanory olona indray ny vondrona mpanohitra ny 10 sy 12 Novambra tao amin'ny kianjabe iray, saingy nolavin'ny "préfet de police" ny fangatahany. Ny 1 hatramin'ny 3 Desambra, dia mbola nanandrana namory olona tan-kalamanjana nanerana an'Antananarivo ihany ny vondrona mpanohitra ka nametraka fangatahana, saingy fandavana hatrany no setriny.

Ny 20 Novambra dia annao fihetsiketsehana tao Analakely ny Fikambanan'ny Ben'ny Tanàna eto Madagasikara sy ny mpanohitra. Dimy minitra taorian'ny nanombohan'ny hetsika dia noravan'ny polisy ny mpivory ary nosamboriny Atoa Guy Maxime Ralaiseheno, filohan'ilay Fikambanana. Mbola tany am-ponja Atoa Ralaiseheno hatrany amin'ny fiafaran'ny taona.

Mazàna dia nahazo alàlana hanao fihetsiketsehana ny vondrona mpanohitra tany amin'ny faritany. Na izany aza, ny 27 Aogositra dia nisy hetsika tany Toliera, notarihin'Atoa Elimberaza Mandrikake, izay nivadika ho fandrobana ny biraon'ny RNM any an-toerana. Fito tamin'ireo mpitarika ny mpanohitra no voasambotra; voalaza kosa fa tafatsoaka Atoa Mandrikake ary lasa any am-pitan-dranomasina.

#### **Fahalahana hivory**

Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa manan-jò hanangana fikambanana sy antoko politika ny olom-pirenena; ary najain'ny Fitondrana izany zò izany tamin'ny ankapobeny, na dia nisy lalàna nivoaka tamin'ny volana Janoary 2009 aza namorona pepetra hentitra maromaro hifehezana ny antoko politika. Ambara fa izy ireo dia tsy maintsy manana birao any amin'ny faritra 12 ao anatin'ny 30 volana voalohany nijoroany, manana fivoriana ara-potoana, ary mandray anjara amin'ny fidianana in-telo misesy farafaharatsiny, ankoatry ny fidianana filoham-pirenena.

Izay antoko politika mijoro ara-dalàna ihany no afaka manolotra olona hofidiana. Tsy mbola nihatra anefa io lalàna io no nitranga ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009, ary tsy nanan-kevitra ny hanomboka hampihatra azy io ny mpifehy ny fitondrana.

#### **c. Fahalahana ara-pinoana**

Misy famelabelarana mikasika ny fahalahana ara-pinoana ao anatin'ny Tatitra Iraisam-pirenena momba ny Fahalahana ara-pinoana ho an'ny taona 2010, navoakan'ny Departemantam-panjakana ary azo vakiana ao amin'ny [www.state.gov/g/drl/irf/rpt/](http://www.state.gov/g/drl/irf/rpt/).

#### **d. Fahalahana fivezivezena, ireo voatery nifindra monina ao anatin'ny firenena, ny mpitsoa-ponenana ary ireo tsy manana firenena**

Voalaza ao anatin'ny Lalàm-panorenana sy ny lalàna ny zò ho an'ny fivezivezena manerana ny firenena, ny dia mankany ivelany, ny fifindra-monina ary ny fampodiana an-tanindrazana, ary tamin'ny ankapobeny dia nohajain'ny Fitondrana izany teo amin'ny zava-niseho andavanandro.

Tsy voararan'ny Lalàm-panorenana manokana ny sesi-tany an-tery; ary nampiasain'ny fitondrana izany indraindray. Maro ny mpanohitra malaza toa ny praiminisitra lefitra teo aloha, Atoa Pierrot Rajaonarivelox, niverina aty amin'ny firenena tamin'ny taona 2009 na dia teo aza ny olana ara-pitsarana nateraky ny fiampangana azy ireo nandritra ny fotoana tsy naha-teo azy. Hatrany amin'ny faran'ny taona dia tsy mbola nanao hetsika hisamborana azy ireo ny mpifehy ny fitondrana.

Niara-niasa tamin'ny Biraon'ny Kaomisera Avon'ny Firenena Mikambana ho an'ny Mpitsoa-ponenana (UNHCR) sy ireo birao hafa miahys ny mponina ny fitondrana amin'ny fiarovana sy fanampiana ireo voatery nitsoa-ponenana, ireo nody avy nitsoa-ponenana, ireo maniry hialokaloka, ireo tsy manana firenena ary ireo olona

hafa manana olana.

### **Fiarovana ny mpitsoa-ponenana**

Madagasikara dia nanao sonia ny Fifarahana tamin'ny taona 1951 momba ny Mpitsoa-ponenana, saingy tsy nanao sonia ilay Fifarahana fanamasina azy tamin'ny taona 1967, sady tsy nanaiky ilay Fifarahana'ny Firaosam-be Afrikana tamin'ny 1969 mifehy ireo olana manokana mahakasika ny mpitsoa-ponenana aty Afrika.

Ao amin'ny lalàna dia tsy ahitana andalana mikasika ny zon'ny mpitsoa-ponenana na ny famaritana ny tsy manan-kialofana; saingy nisy ny rafitra napetraky ny Fitondrana hiahiana ireo tsy manan-kialofana. Teo amin'ny zava-niseho andavanandro dia noraran'ny Fitondrana ny fampodiana izay olona manahy fanenjehana any amin'ny firenena nihavany noho ny firazanany, finoany, zom-pirenene, fikambanan'ny amin'ny vondrona iray manokana na ny firehany ara-politika.

Nisy ny olona nofaritan'ny Fitondrana ho tsy manan-kialofana na mpitsoa-ponenana ary niara-niasa tamin'ny Kaomiseran'ny Firenena Mikambana ho an'ny tsy manan-kialofana sy ireo fikambanana hafa miahny ny maha-olona ny Fitondrana ho fanampiana ireo tsy manan-kialofana vitsy tao amin'ny firenena.

### **Ireo tsy manana firenena**

Noho ireo lalàna sy rafitra manjavozavo momba ny fizakàna ny zom-pirenena dia maro an'isa ireo olona tsy manana firenena teo anivon'ny silamo vitsy an'isa, na dia efa nonina teo nandritra ny taranaka maro aza. Tsy nisy tarehimarika tena azo antoka, saingy nanambara ny mpitarika silamo fa mety hahatratra 5 isan-jaton'ireo silamo miisa roa tapitriza no voakasik'izany.

Mifindra amin'ny —rà|| ny fizakana ny zom-pirenena; fa tsy ampy ny fahaterhana eto Madagasikara. Tsy maintsy anaovana fanambarana alohan'ny vanim-potoana voafaritra izay ankizy nateraky ny reny Malagasy sy ray tsy Malagasy, raha tsy izay dia mety tsy hahazo hizaka ny zom-pirenena Malagasy intsony.

Misy ohatra mpikambana ao amin'ny fiaraha-monin'ny karana avy any Inde sy Pakistan, izay tsy nisoratra anarana hangataka hizaka ny zom-pirenena malagasy na indiana taorian'ny nahazoan'i Inde fahaleovan-tena tamin'ny taona 1947, ka dia tsy nahazo nizaka ny zom-pirenena malagasy na indiana intsony. Nanambara ireo mpikambana ao amin'ny fivondronan'ny firaha-monina silamo fa raha vao toy ny an'ny silamo fotsiny ny anaranao dia hihantona maharitra ny taratasy fangatahao hizaka ny zom-pirenena malagasy. Izay tsy manana ny zom-pirenena malagasy anefa dia tsy manan-jo hifidy ary tsy manana pasipaoro hivoahana ny firenena.

### **Fizarana 3 Fanajana ny zò politika: ny zon'ny olom-pirenena hanova ny Fitondrana**

Ambaran'ny Lalàm-panorenana fa ny olom-pirenena dia manan-jò hanova ny Fitondrana ao anatin'ny filaminana; ary nampiharin'ny olom-pirenena izany zò izany nandritra ny fididianana filoham-pirenena, solombavam-bahoaka ary ben'ny tanàna teo anelanelan'ny taona 2006 sy 2008.

Na izany aza dia voafetra be ity zo ity rehefa nitarika ho amin'ny fanonganam-panjakana sy firodan'an'ny fitondrana voafidy ny fifetsiketsehan'ny mpanohitra tamin'ny volana Martsa 2009. Rehefa nakatona tamin'ny volana Desambra 2008 ny fahitalavitra VIVA TV, izay an'i Andry Rajoelina, Ben'ny Tanànan'Antananarivo teo aloha, dia nitarika fanonganam-panjakana izy ho fanoherana ny Filoha Ravalomanana tamin'ny volana Martsa 2009.

Tsy nahavita nampiorina ny maha-mpitontra azy anefa izy nanoloana ny fanamelohana teo an-toerana sy iraisam-pirenena, ka dia niroso tamin'ny fifampidinhana teo anelanelan'ny volana Aogositra sy Desambra 2009. Rehefa tsy nifanaraka tamin'ny nokasain-dRajoelina anefa ny vokatry ny fifampidinhana, tamin'ny volana Desambra, dia nanambara samy irery izy fa hikarakara fididianana ny volana Martsa 2010. Nolavin'ny mpanohitra izany fikasana izany, ka niezaka ny hiverenana amin'ny fifampidinhina sy hametrahana fitondrana tetezamita iaraha-mitantana izy ireo.

Nandritra ny taona Rajoelina dia nanambara samy irery ny sori-dàlana ho amin'ny fididianana, izay nahemotra foana. Nisy ny fitsapan-kevi-bahoaka momba ny lalàm-panorenana notontosaina ny 17 Novambra; ary ny fididianana ben'ny tanàna nanerana ny firenena, nokasaina hatao ny 20 Desambra, dia nahemotra ho amin'ny fotoana tsy fantatra. Nokasaina hotontosaina nandritra ny tapany voalohany tamin'ny taona 2011 ny fididianana solombavam-bahoaka sy filoha; na izany aza, nolavin'ny vondrona mpanohitra sy ny fiaraha-monina

iraism-pirenena ny vokatr'ilay fitsapan-kevi-bahoaka momba ny lalàm-panorenana sy ny datin'ny fidianana izay nambaran'izy ireo fa tsy nifanarahana sady sarotra tontosaina.

#### **Fidianana sy fandraisana anjara eo amin'ny sehatra politika**

Tamin'ny taona 2008 no nisy fidianana tsy mivantana nifidianana ny Loholona niisa 33; ka lasan'ny antoko TIM izay nitondra ireo toerana 22 nanaovana fidianana, ary ny filoha no nanendry ny mpikambana 11 ambiny. Nipoitra nandritra sy taorian'ny fidianana ny fitarainana isan-karazany noho ireo tsy nety momba ny latsabato, saingy tsy nisy nanao fitoriana ara-dalàna.

Ny fidianana ben'ny tanàna tamin'ny taona 2007 dia nambara fa nalalaka, marina ary nilamina tamin'ny ankapobeny, saingy nisy mpanara-maso teo an-toerana nanamarika hadisoana madinika nandritra ny fidianana sasany ka nanome vahana ny mpilatsaka ho fidiana avy amin'ny antokon'ny fitondrana, manoloana ny hafa.

Natsimbadiky ny Filankevi-Panjakana ny valim-pifidianana ben'ny tanàna tany amin'ny tanàna maro, noho ny fahadisoan'ny fanisana sy ny fitsabahan'ny mpilatsaka hofidiana avy tamin'ny TIM. Tany amin'ny volana Aogositra 2008, dia very toerana 16 ny TIM ary nahazo enina vaovao.

Tany am-boalohany dia tsy nitsabatsabaka ny TIM raha Atoa Rajoelina no lany ho ben'ny tanàna tao Antananarivo, saingy io fidianana io no nanamarika ny fiandohan'ny disadisa teo amin'ny Filoha teo aloha Ravalomanana, izay nitarika ilay fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009.

Tsy maintsy niharan'ny faneriterena sy ny fitsabahan'ny hafa ny antoko politika. Matetika no voahitsaka ny zon'ny mpikambana amin'ny antoko manohitra ny mpitarika ny fitondrana, toy ny fahalalahany'ny fanehoan-kevitra.

Mazàna ny fitondrana no tsy namela ny antoko mpanohitra hivory sy hanambara ampahibemaso ny heviny. Nibahan-toerana tany anatin'ny antoko politika ihany koa ireo avara-pianarana any an-tan-an-dehibe, izay avy amin'ireo foko Malagasy efa nisy hatramin'ny fahagola.

Hatramin'ny volana Martsa, dia nahitana vehivavy efatra tao amin'ny Governemanta, 10 tamin'ireo mpikambana niisa 127 tao amin'ny Antenimieram-pirenena ary dimy tamin'ireo mpikambana niisa 90 tao amin'ny Antenimieran-doholona.

Vehivavy ihany koa ny telo tamin'ireo Filohan'ny Faritra niisa 22 notendrena. Tao anatin'ilay fitondrana teo an-toerana dia nahitana vehivavy dimy tao amin'ny governemanta; nahantona ny parlemanta taorian'ilay fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa, na dia teo aza ilay parlemanta "teteza-mita" notendren'Atoa Rajoelina tsikelikely taorian'ny Fihaonam-bem-pirenena tamin'ny volana Septambra 2010 izay nambara fa tsy nifampierana ka tsy nahazoana ny funkatoavan'ny fiaraha-monina iraisam-pirenena hatrany amin'ny fiafarany'ny taona.

Hatramin'ny volana Martsa 2009 dia nahitana mpikambana silamo 11 sy Sinoa-Malagasy fito tao amin'ny Antenimieram-pirenena ary nisy silamo valo tao amin'ny Antenimieran-doholona. Nisy ihany koa ny Sinoa-Malagasy sy silamo nitàna andraikitra sively. Tsy mba nahitana solotena tao amin'ny Fitondrana kosa ireo karana avy any Inde sy Pakistan.

#### **Fizarana 4 Kolikoly eo amin'ny tompon'andraikitra sy mangarahara ao amin'ny Fitondrana**

Ambara ao amin'ny lalàna ny sazy ho an'ny kolikoly eo anivon'ny tompon'andraikitra; saingy tsy nampiharin'ny ny Fitondrana tamin'ny fomba mahomby izany lalàna izany, ary voalaza fa niha-nahazo vahana ny kolikoly taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009, ary teo anivon'ny polisy sy ny zandarimaria no tena nihanaka izany.

Hita tao amin'ny Indicateurs sur la Gouvernance dans le Monde navoakan'ny Banky Iraisam-pirenena fa nitarika olana ny kolikoly sy ny tsy fanasaziana ny meloka tamin'izany. Notaterin'ny mpampahalala vaovao sy ny fikambanana tsy miankina fa tato anatin'ny taona vitsivitsy izay, ny tena nahitana fahombiazana tamin'ny ady tamin'ny kolikoly dia tany amin'ny fisamborana ireo olon-tsotra nanao heloka maivana, fa tsy hita loatra izay fahombiazana teo amin'ny sehatry ny fanjakana.

Tamin'ny ankapobeny dia tsy nisy ny fanjakana tan-dalàna, ka niteraka goragora teo amin'ny fanapahana hazo sy ny fanondranana hazoala sarobidy, indrindra avy tany amin'ny ala any amin'ny tapany avaratry ny firenena, ary noheverina fa nanamora ny fanatanterahana izany nisy kolikoly maro teo amin'ny manam-pahefana isantokajiny.

Nambaran'ny fikambanana tsy miankina vahiny sy ny mpampahalala vaovao fa ny fisian'ny kolikoly tany amin'ny manam-pahefana ambony, miainga amin'ny mpitandro filaminana ka hatrany amin'ny fanjakana foibe, no nampisy ny fanapahana tsy ara-dalàna sy fanondranana bois de rose sy ébène, na dia eo aza ny lalàna miaro azy ireo.

Nisy horonam-peo nandrenesana mpandraharaha Sinoa niaiky fa nanome vola mivantana an'Atoa Rajoelina mpitarika ny mpifehy ny fahefana mba hahazo alàlana hikapa sy hanondrana hazoala.

Ny anaran'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly (BIANCO) dia milaza fa mahaleo tena izy, fa ny Filoha no manendry ny tale ao aminy ary eo ambany fanaraha-mason'ny Komity Miaro ny Fahadiovam-pitondran-tena, izay ao anatin'ny Fiadidiana ny Repoblika.

Ny BIANCO dia tsy nisahana ny resaka kolikoly sy fanararaotam-pahefana nataon'ny mpitandro filaminana; ary ny manam-pahefana sivily dia tsy nandray fepetra azo tsapain-tànana tamin'ny famahana ny olana mikasika ny kolikoly ao anatin'izao disadisa politika izao.

Tamin'ny taona 2008 ny fitondrana dia nanangana biraо hiady amin'ny famotsiam-bola, dia ny SAMIFIN, ankoatry ny sampan-draharaha misahana ny fahadiovam-pitondran-tena tany anatin'ny ministera tsirairay. Tamin'ny volana Jona 2008 dia nanao Sonia fifanarahana ny BIANCO, biraо mahaleotena natsangan'ny fanjakana hiadiana amin'ny kolikoly, sy ny Ministeran'ny Fitsarana ho fampiroboroboana ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanangonana antontam-baovao sy ny fampitana raharahanam-pitsarana.

Narefo anefa ny fampiharana izany noho ny tsy fahampian'ny famotsiam-bola sy ny fahavononana politika, indrindra hatramin'ilay fanonganam-panjakana tamin'ny Martsa 2009.

Samy voakasik'ilay lalàna momba ny filazam-pananana ny manam-pahefana manomboka eo amin'ny tale jeneraly noho miakatra, ankoatry ny Filoha. Raha ny zava-nisy anefa dia ny 33 isan-jaton'ireo tokony hanao izany fanambarana izany ihany no nahavita tamin'ny taona 2008.

Tsy mbola nampiharina tamin'ny fomba mahomby mihitsy io lalàna momba ny fanambaram-pananana io hatramin'izay.

Tsy misy lalàna mifehy ny fahafahan'ny besinimaro mamantatra vaovao momba ny Fitondrana. Ny fitaovam-panabeazana momba ny kolikoly, toy ny antontan'isa isan-telo volana, dia azon'ny rehetra jerena, anisan'izany ny mpampahalala vaovao vahiny.

**Fizarana 5** Fihetsiky ny fitondrana manoloana ny fanadihadiana nataon'ny fikambanana tsy miankina sy fikambanana iraisam-pireena momba ny fiampangana ho nanitsakitsaka ny zon'olombelona

Tamin'ny ankapobeny dia maro ireo fikambanana eo an-toerana sy iraisam-pirenenena misahana ny zon'olombelona niasa tsy nisy sakantsakana avy tamin'ny fitondrana, ka nanao fanadihadiana momba ny tranga mahakasika ny zon'olombelona ary nampahafantatra ny vokatra hitany.

Tamin'ny ankapobeny dia tsy nahoan'ny tompon'andraikitra ara-panjakana ny fomba fijerin'izy ireo, indrindra taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa 2009. Nisy kosa fikambanana iraisam-pirenenena misahana ny zon'olombelona nahazo niditra teto amin'ny firenena, nanatontosa ny asany, ary nifanakalo tan-kalalahana tamin'ny vondrona hafa. Nitatitra ny vondrona samihafa teto an-toerana fa nisy ny endrika fandrahonana taorian'ilay fanonganam-panjakana.

Nisy fikambanana tsy miankina maromaro teo an-toerana niasa teo amin'ny sehatry ny zon'olombelona, saingy vitsy dia vitsy tamin'izy ireo no afaka nihambo ho nahomby sy nahaleo tena. Ny Filankevi-Pirenena momba ny

Fanaraha-maso ny Fifidianana (KMF-CNOE) hatrany no nitarika teo amin'ny sehatry ny fanabeazana olom-pirenena, ary nanohana ara-teknika sy nanolotra fanofanana nandritra ireo fifidianana maro taloha.

Anisan'ireo fikambanana hafa tena nisongadina ny Observatoire de la Vie Publique, SOS aux victimes du non-droit, ary ny Actions des Chrétiens pour l'Abolition de la Torture (ACAT) Madagasikara, izay samy nanara-maso ny tranga mahakasika ny zon'olombelona sady nandray anjara mavitrika tamin'ireo fifanakalozana am-pahibemaso sy mitokana momba ity olana ity. Indraindray dia nanandrana nifehy ireo fikambanana ireo ny antoko politika sasany, ka nitarika fanamelohana hoe miha-tafiditra amin'ny resaka politika loatra izy ireo, na dia tsy azo ambara fa nenjehina na norahonana hatrany aza.

Taorian'ilay fanonganam-panjakana tamin'ny volana Martsa, dia samy nanakiana mafy ny Fitondran-dRavalomanana sy ny mpifehy ny fitondrana ny ONU sy ireo sampanasa iraisam-pirenena hafa noho ny fanitsaktsahana ny zon'olombelona sy ny tsy nahavitan'izy ireo namaha ny disadisa mbola misy tamin'ny alàlan'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fididianana vaovao.

Nandray anjara misongadina ny ONU tao anatin'ilay ekipan'ny mpanelanelana iraisam-pirenena sy ny Vondrona Iraisam-pirenena mpiresaka amin'i Madagasikara, niara-niasa tamin'ny UA, ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Tany Miteny Frantsay, ary ny Fiaraha-monina ho an'ny Fampandrosoana ny tapany atsimon'i Afrika, izay nitarika hatrany ny ezaka fampihavanana hatrany amin'ny fisasahan'ny taona.

#### **Fizarana 6** Fanavakavahana, herisetra eo amin'ny fiaraha-monina, ary fanondranana olona an-tsokosoko

Voararan'ny Lalàm-panorenana ny endrika fanavakavahana rehetra, anisan'izany ny fanavakavahana noho ny firazanana, ny maha-lehilahy na vehivavy, ny fiteny ary ny saranga ara-piaraha-monina; na izany aza anefa, tsy nisy andrim-panjakana voatendry manokana hampihatra ny lalàna mikasika izany.

#### **Ny vehivavy**

Voararan'ny lalàna ny fanolanana, saingy tsy voaresaka manokana ny fanolanana ataon'ny vady. Ny sazy mifandraika amin'ny fanolanana dia dimy taona an-tranomaizina hatramin'ny fitanana am-ponja mandrapahafaty, miankina amin'ny taonan'ilay voaolana, ny fifandraisan'ilay mpanolana sy ilay voaolana, ary ny famaritana raha nifanerasera tamin'ny ankizy ilay mpanolana teo amin'ny asany andavanandro.

Asa an-terivozona kosa no sazy miandry ho an'ny fanolanana zaza tsy ampy taona sy vehivavy bevohoka. Mety hiampy roa na dimy taona an-tranomaizina ny sazy raha misy finiavana handratra, ary nampiharin'ny Fitondrana avokoa ireo sazy ireo tamin'ny ankabopeny.

Tamin'ny taona 2008 dia nanambara ny Sampan-drahahaha Misahana ny Zaza tsy ampy taona fa manerana ny firenena dia mahatratra 10 hatramin'ny 12 isan'andro ny fitarainana voaray momba ny fanolanana.

Teto Antananarivo ohatra dia nahatratra 217 ny fitarainana momba ny fanolanana tao Antananarivo tamin'ny taona 2008; ary ny 130 tamin'ireo no nanaovana fanadihadiana. Mety ho mihoatra be an'ireo tarehimarika ireo ny tena zava-misy manerana ny firenena, saingy tsy nisy antontan'isa azo afa-tsye ireo aloha.

Voararan'ny lalàna ny herisetra ao an-tokatrano, saingy mbola olana fahita matetika hatrany izany, ary mety hahavoasazy roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy onitra mitentina efatra tapitriza Ariary, arakaraka ny hamafin'ny ratra sy ny fahafantarana raha mitondra vohoka ilay voaolana.

Tamin'ny taona 2007 dia nanambara ny Institut National pour la Santé Publique fa tombanana ho ny 55 isan-jaton'ny vehivavy no niharan'ny herisetra ao an-tokatrano.

Araka ny tomban'ny Tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny Mponina (FNUAP) koa dia vehivavy iray ao anatin'ny telo no iharan'ny herisetra eo amin'ny fiainany. Misy ny fanadihadiana momba ny herisetra ao an-tokatrano notontosain'ny Ministeran'ny Fahasalamana tamin'ny taona 2007 ka niarahany niasa tamin'ny fikambanana tsy miankina roa.

Hita tao anatin'izany fa ny 45 isan-jaton'ireo vehivavy niisa 400 nanaovana fanadihadiana tao Antananarivo no niharan'ny herisetra ara-tsaina, ary ny 35 isan-jaton'izy ireo no efa niharan'ny herisetra ara-batana. Niditra an-

tsehatra hatrany ny polisy sy ny tompon'andraikitra ara-pitsarana rehefa nahazo tatitra momba ny herisetra ara-batana.

Notohizan'ny Ministeran'ny Fahasalamana ny fiaraha-miasa tamin'ny fikambanana tsy miankina tao Antananarivo sy Fianarantsoa mba hanolorana torohevitra ara-pitsarana ho an'ireo niharan'ny herisetra. Tsy nisy antontan'isa momba ny isan'ny fitoriana olona voarohirohy ho nanao herisetra tao an-tokatrano, ny isan'ny voampanga ary ny isan'ny voaheloka.

Nisy porofo am-bava vitsivitsy voaaongona tany amin'ny ivon-toerana mpandray tsy manan-kialofana tantanin'ny fikambanana tsy miankina nilaza fa nifangaro ny vokatr'ilay disadisa politika eny anivon'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny toe-karena, ka niteraka fitomboan'ny herisetra ao an-tokatrano, ka nitombo avo roa na telo heny ny isan'ny tranga fantatra.

Nitombo koa ny olana nateraky ny fizahan-tany mamoafady noho ny fivelaran'ny sehatry ny fizahan-tany talohan'ilay fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 sy ny krizy ara-toe-karena ary ny tsy fahampian'ny tolotrasa manara-dalàna hatramin'ilay fanonganam-panjakana.

Notohizan'ny Fitondrana ny ezaka fampahafantarana manerana ny firenena ka nisy ny sary lehibe fampahafantarana napetraka eran'ny seranam-piaramanidina sy hotely, teo koa ny fampitandremana mamenno pejy iray manontolo zo amin'ilay boky kely atolotry ny sampan-draharahan'ny fadin-tseranana ho an'ireo vahiny tonga avy any ivelany.

Tamin'ny taona 2007 dia navoakan'ny Fitondrana ny lalàna iray mamaritra ny fanerena zaza tsy ampy taona hanao firaisansa ara-nofo, ny fizahan-tany mamoafady miaraka amin'ny zaza tsy ampy taona, ny sary sy horonan-tsary mamoafady ahitana zaza tsy ampy taona ary ny fanondranana olona an-tsokosoko ary mamaritra ny sazy ho an'izay mahavita ireo heloka ireo.

Nisy fikambanana tsy miankina nitatitra fa nampiasaina matetika tany anivon'ny fitsarana io lalàna io, saingy tsy mbola nitarika ho amin'ny fanamelohana. Nomarihan'ny mpitandro filaminana dia mazàna no tsy nitovy ny fomba fandikana ny hevit'io lalàna io, na ny fomba fampiharana azy.

Voararan'ny lalàna ny —harcèlement sexuel|. Herin-taona hatramin'ny telo taona an-tranomaizina no sazy, miampy onitra iray hatramin'ny efatra tapitrisa Ariary (manodidina ny 500\$ hatramin'ny 2.000\$). Niakatra ho roa hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy onitra roa hatramin'ny 10 tapitrisa Ariary (1.000\$ hatramin'ny 5.000\$) izany sazy izany raha toa ilay niharan'ny herisetra ka noterena mivantana na an-kolaka hanao firaisansa ara-nofo na nosaziana noho ny nandavany tsy hanatanteraka izany.

Mateti-pitranga anefa izy io, indrindra any amin'ireo orinasa afakaba. Araka ny tombatomban'ny FNUAP dia ny 50 isan-jaton'ny vehivavy miasa any amin'ny orinasa afakaba no efa niharan'ny —harcèlement sexuel|. Nampiharin'ny Fitondrana ny lalàna rehefa tonga teny anivon'ny fitsarana ny raharaha momba ny —harcèlement sexuel|; saingy mahalana no nisy fitoriana momba izany.

Samy nalalaka na ny mpifankatia na ny isam-batan'olona tamin'ny fampiharana ny zony ara-pananahana, ka tsy nisy fanilikilihana sy fanerena na araka ny lalàna na araka ny politika. Nataon'ny fitondrana malalaka ny fahazoana ny vaovao momba ny fanabeazana aizana sy ny fandrindrana fiainam-pianakaviana, na tany amin'ireo tobim-pahasalamana an'ny fanjakana na tsy miankina. Voalazan'ny FNUAP fa ny 28 isan-jaton'ny mponina no nampiasa ny fomba fanabeazana aizana manaraka ny toetr'andro.

Vitsy ny fahaterahana natrehin'ny doktera na mpampivelona, indrindra any ambanivohitra izay vitsy mpiasan'ny fahasalamana voafana. Nambaran'ny Birao Misahana ny Antontan'isa momba ny Mponina anefa fa ny 54 isan-jaton'ny fahaterahana dia natrehin'ny olona voafana ho amin'izany.

Tsy nandoavam-bola ny fampiterahana rehetra, hatramin'ireo nila fandidiana, tany amin'ny tobim-pitsaboana tantanan'ny fanjakana. Na izany aza, satria ny ankamaroan'ny mponina dia any amin'ny 5 kilometatra mahery miala avy eo amin'ny tobim-pahasalamana avokoa no monina, dia maro tamin'ireo monina any ambanivohitra no tsy afaka nandray ireo fikarakarana momba ny fahasalamana ara-pananahana sy fiterahana.

Hitan'ny fitondrana sy ny mpamatsy vola izany fa tena sakana goavana, ka dia maro ny fandaharanasa natomboka hanapariahana ny fitsaboana manara-penitra. Na izany aza, tsy ampy ihany tamin'ny ankabobeny ny fomba niatrehana izany olana izany araka ny tokony ho izy.

Araka ny antontan'isa farany azon'ny Ivotoerana Misahana ny Antontan'isa (INSTAT) taorian'ny fanadihadiana notontosaina teo anelanelan'ny 20 Novambra 2008 sy Aogositra 2009, ary navoaka tamin'ny volana Jona, dia hita fa nahatratra 498 ny salan'isan'ny fahafatesan'ny reny eo am-piterahana (isaky ny misy reny 100.000 miteraka), raha 269 izany tamin'ny tatitra ho an'ny taona 2004. Nitovy ny fahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy mikatsaka fitiliana sy fitsaboana ireo areti-mifindra amin'ny alàlan'ny firaiana ara-nofo, anisan'izany ny VIH.

Na dia tsy nisy sakana avy amin'ny lalàna ny fampiasana ireo raharaha ireo, dia nisy fahabangana lehibe teo amin'ny foto-draftrasa ary teo koa ireo sakana ara-tsosialy/ara-kolotsaina sy ny fanilikilihana tany anivor'ny foko sasany, izay nanelingelina ny fahazoan'ny daholobe izany raharaha izany.

Ambaran'ny lalàna fa mitovy ny zò anànan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fifidianana ny toerana honenan'ny mpivady; ary tamin'ny ankabobeny dia nahazo ny antsasaky ny fanànan'ny mpivady ny vehivavy raha nisy fisaraham-panambadiana. Izay maty vady ka manan-janaka dia mandova ny antsasaky ny fananan'ny mpivady, saingy raha tsy niteraka izy roa, dia ny havan'ny lahy no mandova alohan'ilay vadiny, izay lasa any amin'ny laharana fahavalo eo amin'ny fandovana ka mety tsy hisy na inona na inona ho azy intsony, na kely sisa no anjarany, raha tsy efa misy fifanarahana vita talohan'ny nahafatesana. Tsy voatery ho voahaja foana anefa ireo voalazan'ny lalàna ireo teo amin'ny zava-niseho andavanandro.

Indraindray dia nampiasaina ny fomban-drazana antsoina hoe "Kitay telo an-dalàna", izay ahazoan'ny vehivavy ny ampahatelon'ny fanànanana niraisan'ny mpivady raha misy fisarahana. Tsy nisy sampandrahaharam-panjakana niahy manokana ny zon'ny vehivavy.

Amin'ny ankabobeny dia tsy nahitana fanavakavahana ny vehivavy loatra teo anivor'ny fiaraha-monina antanà-dehibe, izay nahitana vehivavy nanana na nitarika orinasa tsy miankina na an'ny fanjakana. Any ambanivolo, ahitana ny tantsaha betsaka indrindra, dia misy faritra sosialy mifikitra kokoa amin'ny nentimpaharazana ka mahazo vhana kokoa ny fizarana andraikitra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Na dia zara fa misy aza ny fanilikilihana eo amin'ny fampidirana mpiasa sy ny fampindramam-bola, matetika dia latsaka kokoa ny karama omena ny vehivavy na dia mitovy aza ny asa atao amin'ny ankabobeny.

Tsy azon'ny vehivavy atao ny mitana toerana izay mety hanohintohina ny fahasalamany, ny fiarovana ny ainy ary ny fisainany, anisan'izany ny asa atao amin'ny alina any amin'ny orinasa mpamokatra entana, sy ny asa sasany eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, fandrafetana vy ary ny fikirakirana akora simika.

Maro an'isa ireo fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana nifantoka tamin'ny fanabeazana ho olom-pirenena vanona ho an'ny vehivavy sy ny tovovavy, nanazava ny fiarovana omen'ny lalàna ho azy ireo manokana. Na izany aza anefa, noho ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, ny kolotsaina sasany, ny fandrahonan'ny fiaraha-monina ary ny tsy fahafantarana tsara ny zony, dia vitsy ireo vehivavy manao fitarainana ofisialy na mangataka onitra rehefa voahitsakitsaka ny zony.

### **Ny ankizy**

Lovaina avy amin'ny Ray aman-dreny ny fizakana ny maha-olom-pirenena Malagasy, saingy izay ankizy nateraky ny reny Malagasy sy ray teratany vahiny dia tsy maintsy manao fanambarana ny faniriany hizaka ny zom-pirenena Malagasy rehefa feno 18 taona. Tsy misy paikady itambaran'ny firenena iray manontolo mikasika ny kopia, nefo tsy azo raisina hianatra na hahazo fikarakarana ara-pahasalamana avy amin'ny fanjakana izay zaza tsy manana kopia.

Niara-niasa tamin'ny fitondrana ny UNICEF tamin'ny fizarana kopia ho an'ireo zaza vao teraka sy ireo tsy mbola nahazo kopia hatramin'izy. Hita tamin'ny fanadihadiana nataon'ny UNICEF nandritra ny taona fa ny 25 isanjaton'ny ankizy latsaky ny dimy taona eo amin'ny firenena no tsy mbola manana kopia.

Voalazan'ny Lalàm-panorenana fa tsy andoavam-bola ny fampianarana ho an'ny ankizy Malagasy rehetra, ary tsy maintsy mianatra any amin'ny ambaratonga voalohany ny ankizy hatramin'ny faha-14 taonany.

Mbola olana ny fampijaliana zaza tsy ampy taona. Hatramin'ny niantombohan'ilay disadisa politika, dia nitombo tsikelikely ny fitantaran'ny mpampahalala vaovao ny resaka fanolanana zaza tsy ampy taona.

Tamin'ny taona 2007 dia navoakan'ny Fitondrana ny laminasam-pirenena ho an'ny taona 2008-12 momba ny herisetra amin'ny ankizy, anisan'izany ny fampiasana zaza tsy ampy taona, ny fanerena hanao firaosana aranofo sy ny fanondranana olona an-tsokosoko.

Nandritra ny taona ny Ministeran'ny Fahasalamana, izay niara-niasa tamin'ny UNICEF, dia namorona tambajotra maherin'ny 14 ary ahitana sehatra maro nanerana ny firenena mba hiarovana ny ankizy amin'ny fampijaliana sy ny fanambakana. Araka ny voalazan'ny lalàna vao nivoaka momba ny ankizy, dia niara-niasa tamin'ny UNICEF ny ministera maro mba hamorona boky fanofanana momba ny zon'ny ankizy sy fampahafantarana ny tompon'andraikitra momba ny tambajotra fiarovana ny ankizy.

Tamin'ny volana jona 2008 dia nisy ny lamina maharitra herin-taona notontosain'ny Fitondrana mba hanofanana sy hanampiana ny mpitandro filaminana eo amin'ny fiarovana ny ankizy.

Nanambara ny antontan'isan'ny Fitondrana tamin'ny taona 2008 fa ny 33 isan-jaton'ny tovovavy eo anelanelan'ny 15 sy 19 taona dia efa manambady. Tany ambanivohitra no tena nahitana zaza tsy ampy taona manambady, satria fomban-drazana ivelan'ny rafitra manaraka ny lalàna no ivondronan'ny olon-droa. Tsy mila alàlana avy amin'ny ray aman-dreny ny tovolahy sy ny tovovavy mikasa hanambady ka efa feno 18 taona.

Nisy ny ankizy niroso an-tsitrano, tsy noteren'ny olon-kafa, tamin'ny fivarotan-tena ho fivelomana. Ny fivarotan-tena ataon'ny zaza tsy ampy taona no anisan'ny endrika matetika indrindra itrangan'ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Nisy ny fanadihadiana notontosain'ny UNICEF tamin'ny taona 2007 tany Toamasina sy Nosy Be, ka hita tao anatin'izany fa teo anelanelan'ny 30 sy 50 isan-jaton'ny vehivavy mpivaro-tena dia latsaky ny 18 taona. Na dia voararan'ny lalàna aza ny fandaozana zaza tsy ampy taona, dia niha-nateti-pitranga io olana io noho ny hamafin'ny fahantrana sy ny tsy fahampian'ny fidiram-bolan'ny isan-tokatrano.

Nisy toerana vitsivitsy nahafahana nandray ireo zaza mpirenireny, ary tamin'ny ankapobeny dia niezaka hatrany ny biraom-panjakana hametraka ny zaza nilaozan'ny ray aman-dreniny any amin'ny fianakaviana aloha; ka rehefa tena tsy azo anoharana vao napetraka any amin'ny toerana fitaizana zaza kamboty izy ireny. Misy ny finoana nentim-paharazana any amin'ny faritra atsimo atsinanana mandrara ny fitaizana zaza kambana, ka nisy ny ray aman-dreny manary ny zanany kambana, na farafaharatsiny ny iray amin'izy ireo; ka avelany ho faty irery any amin'ny toerana nanariany azy. Na izany aza, hatrany amin'ny fiafaran'ny taona tsy nisy niova na ny arofanina ara-dalàna na ny politika fampiharana noraisina.

Ny firenena dia tsy nanao Sonia ny Fifanarahana tao La Haye tamin'ny taona 1980 momba ny Endrika Sivity mahakasika ny Fangalaran-jaza eo amin'ny sehatra Iraisam-pirenena. Misy antsipirihany mikasika izany tranga izany azo vakiana ao amin'ny tatitra isan-taona avoakan'ny Departemantam-panjakana, ao amin'ny:  
[http://travel.state.gov/abduction/resources/congressreport/congressreport\\_4308.htm](http://travel.state.gov/abduction/resources/congressreport/congressreport_4308.htm)

### **I.Fanoherana ny Jiosy**

Vitsy dia vitsy ny mpikambana amin'ireo fiafaha-monina Jiosy, ary tsy nisy tatitra mikasika ny hetsika na tranga maneho fankahalana ny Jiosy.

Fanondranana olona an-tsokosoko

Azo atao ny mamaky ny Tatitra momba ny fanondranana olona an-tsokosoko navoakan'ny Departemantam-Panjakana ato amin'ity tranon-kala ity [www.state.gov/g/tip](http://www.state.gov/g/tip).

### **Ny sembana**

Voararan'ny lalàna ny fanavakavahana ny sembana ara-batana sy ara-tsaina, ary voafaritry ny lalàna tsara ny zò anànan'ny sembana ary voalazan'ny lalàna ny tokony hananganana filankevi-pirenena sy isam-paritra hiaro ny zon'ny sembana. Raha ny marina anefa dia mahalana no nampiharina ireo zo ireo, ary nianona ho an-taratasy ihany ilay lalàna mitaky ny fanamorana ny fidiran'ny sembana amin'ny trano iray.

Nisy fanadihadiana tamin'ny taona 2005 nataon'ny fikambanana tsy miankina Handicap International ka hita fa tena mahalana ny sembana no mahazo ny raharaha momba ny fitsaboana, fanabeazana, asa, na fitaovana sy fifandraisana hafa, ary matetika ny vehivavy sy ankizy vavy sembana no iharan'ny herisetra ara-batana. Nilaza ny Fikambanana Sembana Mijoro, mpiaro ny zon'ny sembana, fa ny 0,5 isan-jaton'ny ankizy any am-pianaranana ihany no manana hasembanana. Tamin'ny ankapobeny dia voafetra ihany ny fahafahan'ny sembana mandranto fianarana noho ny tsy fisian'ny foto-draftrasa mifanaraka amin'ny ilain'zy ireo, ny toeram-pampianarana na mpanabe manokana ho azy ireny.

Ny Ministeran'ny Fahasalamana no tompon'antoka amin'ny fiarovana ny zon'ny sembana. Nisy ihany ny tetikasa sasantsasany somary nahomby tany amin'ny tanàna sasany.

Tamin'ny taona 2008 dia nisy tsena tao Mahajanga nahavita namboatra fidirana manokana ho an'ny sembana; nisy fandaharanasa momba ny fanomezana tombon-dàlana eo amin'ny fitsaboana ara-pahasalamana sy ny fitaterana ho an'izay manana karatra manokana tao Fianarantsoa, ary nahomby ny fampidirana ny sembana tany an-tsekoly tany amin'ny faritra sasany tsy mba nahitana izany taloha.

Tamin'ny taona 2008 dia nisy famatsiam-bola iraisam-pirenena hanampiana ny tanànan'Antsiranana hamorona fidirana manokana ho an'ny sembana ao amin'ny lapan'ny tanàna, toeram-pitsaboana ara-pahasalamana ary biraom-panjakana hafa. Na izany aza, nitohy ny fahenoana tatitra milaza fa matetika ny sekoly no nandà tsy handray mpianatra sembana, satria hono tsy mety handraisana an'ilay zaza ny toeram-pianarana. Nisy fikambanana tsy miankina isan-tanàna ihany koa nanome porofo fa ny sembana dia tsy mba voaray na mahazo teny maharary avy amin'ny mpampianatra sasany foana, hatrany amin'ny fanabeazana fototra ka hatrany amin'ny oniversite.

Tamin'ny volana Jona 2009 dia nisy fanadihadiana momba ny fampidirana ny ankizy sembana ao amin'ny rafipanabeazana, ka hita tamin'izany fa ny 0.26 isan-jaton'zy ireo ihany no hita tany amin'ireo sekoly niisa 631, noho ny tsy fisian'ny fandaharanasa manokana, ny tsy fahampian'ny fahafantarana ny zavatra ilain'ny ankizy sembana, ary ny tsy fahampian'ny hoenti-manana.

#### **Ireo vitsy an'isa ara-PIHAVIANA/ara-pirazanana/ara-poko**

Tsy nisy azo nantsoina hoe maro an'isa ny iray tamin'ireo foko 18 Malagasy. Nahitana teratany indo-pakistanais, kaomoriana, sy sinoa vitsy an'isa ihany koa ny firenena. Samy manan-danja eo amin'ny fandraisana mpiasa avokoa ny foko nihaviana, ny firazanana, sy ny firaisan-kina isam-paritra. Noho ny tantara naharitra teo amin'ny fanafihana ara-tafika sy fanjakazakana ara-politika, dia tafakatra ho ambonin'ireo foko tany amin'ny morontsiraka (taranaka Afrikana) ny fari-piainan'ny foko tao afovoan-tany izay taranaky ny Aziatika, indrindra ny Merina.

Fanararaotana sy fanavakahana ataon'ny fiaraha-monina, sy herisetra mifototra amin'ny fironana arapiraosana ara-nofo ary fanavahana ny lehilahy sy vehivavy

Tsy voararan'ny lalàna manokana ny fanilikilihana ny samy lehilahy na samy vehivavy miray, saingy tamin'ny ankapobeny dia nailikiliky ny fiaraha-monina izy ireny.

Tsy dia firesaka eto amin'ny firenena ny safidin'ny olona momba izany firaosana ara-nofo sy maha-lahy na maha-vavy izany, satria amin'ny ankapobeny ny olona dia manaiky hiresaka tsy sazoka na maneho ny tsy fankasiträhany amin'ny herisetra ara-batana mihitsy, indrindra ho an'ireo tsy minkasitraka ny fisian'ny lehilahy manova endrika ka mampanofa tena (travesti).

Nisy fikambanana tsy miankina teo an-toerana nitatitra fa ny ankamaroan'ireo fikambanana miara-miasa amin'ny LGBT dia nanao izany amin'ny maha-mpikarakara ara-pahasalamana azy, matetika ao anatin'ny ady amin'ny fihanahan'ny VIH/SIDA.

Matetika ireo mpampanofa tena LGBT ireo no iharan'ny herisetra, toy ny teny maharary, ny tora-bato, eny fa vono olona aza. Tato anatin'ny taona vitsivitsy izay dia fantatry ny olona kokoa ny antsoina hoe "gay pride" noho ny fanehoana azy ireo tamin'ny fomba mampirisika tany amin'ny mpampahalala vaovao sy tamin'ny diabe tao Antananarivo, saingy tsy dia nisy niova ny olona amin'ny ankapobeny.

Ambaran'ny lalàna mifehy ny ady heloka bavava manan-kery eo amin'ny firenena fa mahavoasazy an-

tranomaizina roa hatramin'ny dimy taona sy onitra roa hatramin'ny 10 tapitrisa Ariary (manodidina ny 1.000\$ hatramin'ny 5.000\$) ny fitondran-tena "tsy mendrika na manohitra ny natiora eo amin'ny samy lahy na samy vavy latsaky ny 21 taona." Misy tatitra momba ny fanararaotana ataon'ny manam-pahefana isan-tanàna, toy ny tompon'andraiki-panjakana tsy manaiky ny fitsaboana ara-pahasalamana ho an'ny travesti na mandika ny fifanarahana momba ny tsiambaratelon'ny marary, saingy tsy nisy raharaha tonga hatreny amin'ny fitsarana aloha.

#### **Herisetra na fanavakahana hafa eo amin'ny fiaraha-monina**

Na dia ambany dia ambany, manodidina ny 1 isan-jato ihany, aza ny tahan'ny isan'ny olona mitonda ny tsimok'aretina VIH/SIDA eo amin'ny firenena, dia nisy fanavakahana sy fanilikilihana ho an'ireo voakasik'izany aretina izany.

Tamin'ny taona 2007 ny fitondrana dia nandany lalàna iray miaro ny zon'ny mararin'ny VIH/SIDA hahazo fitsaboana malalaka sy manara-penitra, sady milaza ny sazy ho an'izay manavakavaka na manilikilika ny olona mitondra io aretina io. Toa hoe nanampy tamin'ny fampihenana ny fanilikilihana izany, rehefa nisy nijoro ho vavolombelona ho mitondra io aretina io, ka fantatry ny olona kokoa ny olona atrehin'izay voan'ny VIH/SIDA.

Ny Ministeran'ny Fahasalamana sy ny an'ny Fitsarana no nampihatra io lalàna io, ankoatry ny Komity Nasionaly ho an'ny Ady amin'ny SIDA eto Madagasikara.

#### **Fizarana 7 Zon'ny mpiasa**

##### **a. Ny zò hanangana fikambanana**

Ambaran'ny lalàna fa azon'ny mpiasam-panjakana sy ny tsy miankina atao ny manangana na mirotsaka ho mpikambana ao amin'ny sendika izay tiany, ka tsy mila alàlana mialoha na fepetra mihoam-pampana. Etsy andaniny dia tsy mba afaka manangana sendika ireo mpiasa ao amin'ny raharaha iankinan'ny ain'ny firenena, toy ny polisy sy ny miaramila ary ny mpamonjy hain-trano.

Araka ny antontan'isan'ny Ministeran'ny Asa dia ny 14 isan-jaton'ny mpiasa any amin'ireo orinasa afak'aba, sy latsaky ny 10 isan-jaton'ny mpiasa hafa rehetra no mpikambana amina sendika. Tsy nanana antontan'isa azo antoka momba ny isan'ny mpiasam-panjakana mpikambana amin'ny sendika ny fitondrana, saingy inoana fa vitsy an'isa izy ireo, na dia maro karazana azo ny sendika ho an'ny mpiasam-panjakana.

Voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana ny zòn'ny mpiasa hitokona, hatrany amin'ireo orinasa afaka haba, ary afaka nampiassa izany zony izany ny mpiasa. Na izany aza, alohan'ny hitokonana dia tsy maintsy andraman'ny mpiasa avokoa aloha ny fampihavanana sy ny fanelanelanana, izay mety haharitra valo volana hatramin'ny roa taona sy tapany.

Manana ny Fitsipi-dalàna mifehy azy manokana ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa an-dranomasina. Mananjio hitokona ny mpiasa amin'ny raharaha iankinan'ny ain'ny firenena, toy ny mpitsara, saingy voafetra ihany izany zò izany ary tsy maintsy mampilaza mialoha ny mpampiassa azy izy ireo.

##### **b. Ny zò hivondrona sy hanao fifampiraharohana**

Voalazan'ny lalàna fa ny sendika dia manan-jo hanatanteraka ny asany tsy an-kaneritery, ary najain'ny Fitondrana izany zò izany tamin'ny ankabobeny. Voalazan'ny lalàna ihany koa fa ny mpiasa dia manan-jo hivondrona ka hanao fifampiraharohana; saingy tsy mba anisan'izany ny mpiasam-panjakana.

Voararan'ny lalàna ny fanavakahana'ny mpampiassa ny sendika; na izany aza anefa, nambaran'ny Ministeran'ny Asa sy ny Asam-panjakana fa ny tahotra ny sazy no manakana ny mpiasa sasany tsy hirotsaka amin'ny sendika. Raha sanatria misy hetsika anenjehana ny sendika, dia azon'ny sendika na ny mpikambana ao aminy atao ny mitory ny mpampiassa eny amin'ny fitsarana.

Hatramin'ny nandaniana ny lalàna vaovao mifehy ny orinasa afaka haba tamin'ny volana Janoary 2008, dia somary hafa ny lalàna mifehy ny asa any amin'ireo orinasa ireo raha ampitahaina amin'ny lalàna fampiassa eo amin'ny firenena. Ankehitriny dia mety hiova ny fifanarahana arak'asa any amin'ny orinasa afaka haba, indrindra mikasika ny faharetany, ny fandrarana ny vehivavy tsy hiasa amin'ny alina, ary ny ora betsaka indrindra ahazoana miasa ambonin'ny ora ara-dalàna.

### **c. Fandrarana ny asa an-tery**

Voararan'ny Fehezan-dalàna mifehy ny asa ny asa an-tery, anisan'izany ny fampiasana zaza tsy ampy taona; na izany aza anefa, nisy ny fotoana tsy nanajan'ny Fitondrana izany fandraràna izany.

Maro ireo ankizy sy vehivavy teto an-toerana no noterena hiasa an-trano, nambakaina hivarо-tena ary indraindray hivarotra eny amoron-dàlana sy hitrandraka harena an-kibon'ny tany. Na dia tsy azo atao intsony aza ny manery ny voafonja sy ireo miandry ny fitsarana azy hanao asa ho an'ny tompon'andraiki-panjakana manokana, dia azo atao ihany ny mampiasa azy ireny hanao asa ho an'ny fanjakana raha eken'ilay voafonja ny fepetra fampiasana azy sy ny tambin-karama araka ny voafaritry ny fehezan-dalàna mifehy ny asa.

Ankoatr'izay, araka ny rafitra momba ny fampiasana ny voafonja (Main d'oeuvre pénale), dia azon'ny voafonja atao ny manolo-tena hiasa any amin'ny sahan'ny fonja ka mamboly, na miasa any amin'ny tanin'olona tsotra. Nisy ihany koa tatitra nilaza fa nisy voafonja nirahina hanao asa any amin'ny olon-tsotra, noho ny fangatahany manokana ary eo ambany fanaraha-mason'ny fanjakana.

Nahantona ny rafitra ho an'ny MOP ny 26 Aogositra, tao anatin'ny hetsika ara-piarovana nomena ny anarana hoe "Operation Coup de Poing," araka ny ezaka hampihenana ny tsi-fandriam-pahalemana nihanananenika ny firenena.

Saika tany amin'ny sehatra tsy voara-mason'ny fanjakana no tena nahitana ny fanerena zaza tsy ampy taona hiasa, sehatra izay mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny toe-karen'ny firenena.

Nahitana asa an-tery ihany koa tany amin'ny fitrandrahana vato, harena an-kibon'ny tany, fiompiana sy fambolena, jono ary ny asa an-trano.

Azo jerena koa ny Tatitra isan-taona momba ny fanondranana olona an-tsokosoko, navoakan'ny Departemantam-panjakana, ao amin'ny [www.state.gov/g/tip](http://www.state.gov/g/tip)

### **d. Fandraràna ny fampiasana zaza tsy ampy taona sy ny taona farafahakeliny handraisana mpiasa**

Nisy lalàna niaro ny ankizy tsy hiharan'ny fanerena hiasa sy mandrara ny asa an-tery, saingy mazàna ny Fitondrana no tojo fahasahiranana amin'ny fampiharana ireny lalàna ireny noho ny tsy fahatomombanan'ny fitaovana sy ny tsy fahampian'ny mpiasa eo aminy. Mbola olana fahita matetika ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Araka ny fitsipika mifehy ny fanabeazana, dia voafaritra ho 15 taona ny taona farafahakeliny ho an'ny mpiasa. Ambaran'ny lalàna fa afaka miasa tsy mihoatra ny valo ora isan'andro na 40 ora isan-kerinandro ny ankizy, ary tsy mahazo manao asa ambonin'izay izy.

Voararan'ny lalàna ny fampiasana ankizy latsaky ny 18 taona amin'ny alina na any amin'ny toerana mety hanohintohinaavy hatrany ny fahasalamany, ny fierovana azy na ny fisainany. Tsy maintsy asian'ny mpampiasa 12 ora hialan-tsasatra eo anelanelan'ny fifandimbiasan'ny mpiasa miasa. Tafiditra ao anatin'ny fandraràna hitandroana ny fahasalamana sy ny fierovana ny aina ny fahazoana alàlana avy amin'ny ray aman-dreny sy ny fizaham-pahasalamana ataon'ny mpitsabo alohan'ny handraisana mpiasa.

Tamin'ny taona 2007 ny BIT dia nanao Fanadihadiana nasionaly momba ny fampiasana zaza tsy ampy taona eto Madagasikara, ka hitany tamin'izany fa manodidina ny 28 isan-jaton'ny ankizy eo anelanelan'ny dimy sy 17 taona (mitontaly ho 1.8 tapitriza) dia nanana asa an-tselyka na raikitra, ary neverina fa ankizy miisa 438.000 no tafiditra any amin'ny asa mampidi-doza.

Ny ankizy any ambanivohitra dia matetika miasa any amin'ny sahan'ny fianakaviana na miandry biby fiompy; fa ireo ankizy any an-drenivohitra kosa dia nanao asa toy ny mpiasa an-trano, mpitaona entana amin'ny sarety, mpanao varo-madinika, mpivaro-tena, mpamaky vato kely, mpiasa any amin'ny trano fisetroana na mpangataka.

Nisy ankizy koa niasa tany amin'ny toerana fitrandrahana sira, fanjonoana, fihazana an-dranomasina ary ny famokarana makamba. Misy amin'izy ireo koa no iharan'ny fanerena hivarо-tena. Araka ny tombatomban'ny Ministeran'ny Asa dia ankizy maherin'ny 19.000 ihany koa no miasa mitrandraka vatosoa any llakaka any amin'ny faritra atsimo, indrindra any amin'ireo sehatra tsy misoratra ara-dalàna, ka manampy ny fianakaviany

mitrandraka vatosoa na manao asa an-trano na koa mivaro-tena. Nisy ny ankizy naondrana an-tsokosoko tato anatin'ny firenena mba hanao asa an-tery.

Ny Ministeran'ny Asa no tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ireo lalàna mifehy ny fampiasana zaza tsy ampy taona sy ireo politika mifehy ny sehatra tsy misoratra ara-panjakana. Nisy arak'izany ny fisafona toeram-piasana notontosainy nandritra ny taona ho setrin'ny fitarainana maro voaray.

Nandritra ny taona dia tsy nisy afa-tsy 90 ny mpanara-maso nisahana izany andraikitra izany tao amin'ny Ministera, ka nanjary nananosarotra ny nanara-maso sy nampihatra tamim-pahombiazana ireo lalàna momba ny fampiasana zaza tsy ampy taona. Tsy nampiharina teo amin'ny sehatra tsy misoratra ara-panjakana, izay mivelatra kokoa, izany lalàna izany.

Tamin'ny taona 2007 no navoakan'ny Fitondrana ny didy hitsivolana mamaritra ny fomba fampiasana zaza tsy ampy taona, mamaritra ireo endrika ratsy indrindra isehoan'ny fampiasana zaza tsy ampy taona, mamaritra ny sazy ho an'izay mampiassa zaza tsy ampy taona ary mametraka ny fenitra ara-panjakana ho an'ny fampiharana ilay lalàna. Nisy fikambanana tsy miankina nitatitra fa vokatr'izay dia nitombo ny fahafantarana'ny olona ny momba ity olana ity; saingy na izany aza dia tsy nahitam-pahombiazana ny fanenjehana izay nandika ny lalàna mifehy ny asa.

Tamin'ny taona 2009 dia nisy soso-kevitra hanasiam-panovana amin'ilay didy hitsivolana tamin'ny taona 2007 natao hanasokajiana ireo karazana sazy ho an'izay mampiassa zaza tsy ampy taona, saingy rava maina ilay fikasana noho ny disadisa politika.

Nandritra ny taona dia nanao atrikasa mikasika ny fampiasana zaza tsy ampy taona ny ny Ministeran'ny Asa, ho an'ireo mpanara-maso tao Ansirabe, ary namaritra laminasa ho an'ireo mpanara-maso isam-paritra ho an'ny fampiasana zaza tsy ampy taona mba hampiassa ny fitaovana fampahalalam-baovao mahakasika olona marobe indray miaraka, sy ny fanaraha-maso ny sehatra tsy miankina mba hiadiana amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Tao anatin'ilay ezaka fampahafantarana ny "karatra mena" natao hanairana ny sain'ny besinimaro momba ny ady amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona, dia niara-niasa tamin'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra ny Fitondrana tamin'ny fanatontosana hetsika fampahafantarana nanerana ny firenena; nitohy nandritra ny taona izany hetsika fampahafantarana izany, noho ny fanohanana avy amin'ny FMF sy ny Fandaharana Iraism-pirenena iantsorohan'ny BIT ho famongorana ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Nanohy nandray ireo niharan'ny fanondranana olona an-tsokosoko sy ny asa an-tery ireo Centre d'Accueil tsy miankina amin'ny fanjakana tao Antananarivo, Toamasina ary Toliara.

Misy fanazavana fanampiny mikasika ny fanondranana ankizy an-tsokosoko ao amin'ny Tatitra isan-taona mikasika ny fanondranana olona an-tsokosoko, avoakan'ny Departemantam-panjakana, ao amin'ny [www.state.gov/g/tip](http://www.state.gov/g/tip)

#### **e. Repetra azo ekena any amin'ny toeram-piasana**

Ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa sy ny Lalàna Sosialy no tompon'andraiktra tamin'ny fampiharana ireo repetra momba ny asa sy ny karama farany ambany voafaritry ny Fehezan-dalàna mifehy ny asa, saingy mazàna ny Ministera no tojo olana tamin'ny fampiharana izany lalàna izany noho ny tsy fahatomombanan'ny fitaovany sy ny tsy fahampian'ny mpiasa ao aminy.

Ny karama farany ambany isam-bolana dia nitentina Ariary 70.025 (35\$) ho an'ny mpiasa ivelan'ny fiompiana sy fambolena ary Ariary 71.000 (36\$) ho an'ireo miasa eo amin'ny sehatry ny fiompiana sy fambolena. Tsy ampy io karama io hiveloman'ny mpiasa sy ny fianakaviany araka ny tokony ho izy, indrindra any an-tanàn-dehibe. Na dia fantavy ny ankamaroan'ny mpiasa aza ny karama farany ambany tokony horaisiny, dia mazàna no tsy arak'io fetra io ny vola noraisin'ny mpiasa. Manjary manaiky karama ambany ny mpiasa noho ny hamaroan'ny tsy an'asa sy ny halalin'ny fahantrana.

Ho an'ny orinasa tsy misahana fiompiana sy fambolena ary mivaro-draharaha dia 40 ora isan-kerinandro ny ora fiasana, ary 42,5 ora izany ho an'ny sehatry ny fiompiana sy fambolena. Voafetran'ny lalàna ho 20 ora isan-

kerinandro ihany ny ora azon'ny mpiasa iasana ivelan'ny ora ara-dalàna; na izany aza anefa, matetika ny mpiasa sasany no nasaina niasa mandra-pahatratra ny tanjona nasaina notratrariny. Indraindray aza dia sady tsy voatana an-tsoratra no tsy nandraisam-bola ireny ora nihoatra ireny.

Ny Fitondrana no mamaritra ny fitsipika sy ny fenitra momba ny fiarovana ny ain'ny mpiasa sy ny fahalavorarian'ny toeram-piasana. Ny CNAPS dia nanao fanadihadiana ary namoaka tatitra momba ny fahalavorarian'ny toeram-piasana, ny aretina mety hitranga sy ratra mety hahazo ny mpiasa any amin'ny toeram-piasana.

Nahatratra 90 ny isan'ireo Mpanara-maso avy amin'ny Ministeran'ny Asa, saingy ny mpiasa ao an-drenivohitra ihany no nahavitan'izy ireo fanaraha-maso tamin'ny fomba mahomby. Ny mpiasa, anisan'izany ny mpiasa vahiny na mpifindra monina, dia manan-jo mazava handà tsy hiasa any amin'ny toerana mampidi-doza iray ka tsy hatahotra ny ho voaroaka.

Matetika anefa no tsy voahaja izany zò izany tamin'ny tranga andavanandro.